

Ny Baiboly – boky be mpamaky indrindra maneran-tany

Fampidirana amin’ny Drafy-Pamonjen’Andriamanitra

Amin’ireo boky miely indrindra maneran-tany, dia ny Baiboly no mitana lavitra ny laharana voalohany. Teo anelanelan’ny taona 1960 sy 2010, dia sahabo 3,9 lavitrisa ny isan’ny lafo nanerana ny tany. Araka ny *“Alliance Biblique Universelle”*, ny Janoary 2015, dia voadika tamin’ny fitenim-pirenena sy fitenim-poko 563 samihafa ny Baiboly. Ny Baiboly irery no boky izay mampahafantatra antsika izay nitranga hatra tamin’ny fiandohan’ny fotoana, sy izay mbola hitranga hatramin’ny fiafarany. Hita ao anatin’ny manontolo ny Tantaran’ny zanakolombelona voasoratra mialoha. Na izay mitranga ankehitriny izao aza dia efa voambara tao amin’ireo faminiana ao amin’ny Testamenta Taloha sy Vaovao.

Ity famelabelarana ity dia mitodika amin’ny olona rehetra tsara sitrapo, any amin’ny firenena sy fiteny rehetra eto ambonin’ny tany. Ankoatra ireo fivavahana lehibe enina teo aloha ireto: ny jodisma, kristianisma, islamisma, taoisma, bodisma, ary indoisma, dia nisy vaovao nanampy, izay nampiakatra ho roambinifolo ny isan’ireo fivavahana lehibe maneran-tany. Tsy mahagaga, raha ny tsirairay amin’ireo dia mihambo ho ilay manana ny finoana marina. Ankoatra ireo, dia mbola misy fivavahana maro niforona avy tamin’ny zavaboàary sy ireo fokom-pirenena. Ny rehetra dia samy resy lahatra amin’ny fahamarinan’ny fivavahany sy ny làlany. Mety hisy tokoa ve fivavahana iray marina, izay noforonin’ny olona mety maty, nandritra izay fotoana rehetra izay? Marina fa samy tsy azo kitikitihana ny finoana fototra an’ny olona tsirairay sy ny maha-izy azy, satria manana zo hino izay heveriny fa marina izy. Saingy marina koa fa ny fivavahana rehetra izay noforonin’olombelona dia tsy misy manana ny raikitra, ny fisiana jadona, izay tsy mety isalasalana na kely aza. Ireo hetsika ara-pivavahana dia tsy maharitra, ary ny marina, izy ireny dia natao ho an’izao fiainana mandalo izao ihany. Ny filozofia rehetra sy ny teolojia rehetra dia samy voafetsy ny maha avy amin’olona azy avy, ary amin’ny farany, dia tsy mahita valiny amin’ireo fanontaniana tena manan-danja.

Misy ireo zavatra izay tsy takatry ny saintsika velively, kanefa manana toetra raikitra. Anisan’izany ny namoronana ny olombelona mitovy endrika amin’ily Mpamorona, sy ny nanomezana azy ny

fahaiza-mamorona zavatra. Noho ny tsifinoana sy ny tsifankatoavana izay nitarika tamin'ny fahotana tao Paradisa, ny zanakolombelona dia nahilika niala ilay fiombonana mandrakizay tamin'Andriamanitra velona, ary natolotra ho amin'ny fahafatesana, satria, marina loatra, fa ao amin'ny fiainana dia tsy misy zavatra azo antoka mihoatra ny fahafatesana.

Izay rehetra anatin'ny fotoana dia manam-piandohana ary manam-piafarana. Izay tsy nanam-piandohana irery ihany no tsy hisy fiafarana. Tsy nomena antsika hatra teo am-pahaterahana ny fidirana ao amin'ny mandrakizay. Ny fahaterahantsika no nidirantsika tao amin'ny fotoana. Amin'ny maha zavamanan'aina ao anatin'ny fotoana antsika, dia tsy manana avy hatrany ny fiainana mandrakizay isika: Andriamanitra irery, izay mandrakizay, no afaka manome izany antsika.

Ny hany boky tokana izay antsoina Soratra Masina sy Tenin'Andriamanitra, ary rariny tokoa izany, dia ny Baiboly. Ary andeha hiaraka handinika Azy isika, amin'ny lafiny mavesa-danja vitsivitsy. Ao aminy irery no ahitantsika, voatantara, ny zavamisy rehetra, hatra tany am-piandohana, manomboka amin'ny famoronana ny tany sy ny lanitra, ka hatramin'ny fiafaran'ny fotoana, ary na ny ankoatra izany aza.

Mialoha ny hijerentsika ny any ankoatry ny fotoana, dia jerentsika ny nidiran'ilay Mandrakizay ato amin'ny tantaran'ny fotoana. Voalohany, Andriamanitra dia hitantsika ao amin'ny voahary. Amin'ny olona rehetra izay misaina ny fiandrianan'ny erana dia zavamisy mampihevitra fa misy ny Mpamorona. Ny firindrana mahagaga, amin'ny zavamanan'aina rehetra any anaty rano, ambonin'ny tany, eny amin'ny rivotra, ireo zavamaniry rehetra, ireo hazo, ireo voa famafy sy ireo vokatra, ny fiainana sy ny fanaranaka hita manerana ny voaàry, ireo rehetra ireo dia vavolombelona velona ho an'ny Mpamorona. Inona izao, ohatra, ny zavatra mba ampitain'ny "fampianarana ny fivoarana" (*théorie de l'évolution*), eo anatrehan'ny fisian'ny voaàrin'Andriamanitra? —Tsy inona fa fiezahana handà fotsiny ny fisian'ny famoronana sy ny Mpamorona. Famoronan-tsaina fotsiny izany, fa ny voaàry kosa dia zavamisy. Miteny ho azy fotsiny ireo zavamisy voaporofon'ny fisiany. Hatramin'ny androany, dia manaranaka araka ny karazany avokoa ny manan'aina rehetra, araka ny nilazan'ny Mpamorona azy (*Gen.1:12*). Izay nandre ny amin'ny hery-tsy-tohaina an'Andriamanitra

sy ny maha-eny-rehetra-eny Azy, dia afaka hahita izany ara-panahy ao amin'ny voaàry hitan'ny masony.

Ao amin'ny tantarany, ny zanakolombelona dia niharitra fitrangan-javatra sarotra, izay nanozongozona hatrany ny finoan'ny maro. Ny Tompon'ny lanitra mbola tsy nandray ny Fitondrany eto an-tany. Fa mbola ny mpanjakan'ity tontolon'ny aizina ity aloha no manjaka, mihazona ny zanakolombelona manontolo eo ambanin'ny fifehezany. Raha tsy afaka amin'ny fifehezan'ilay ratsy ny olona iray, amin'ny alàlan'ny fiovam-po manokana ho an'ny Mpamonjy, dia tsy tafatoetra eo ambanin'ny fifehezan'Andriamanitra. Raha mivavaka isika, manonona ny "Rainay izay any an-danitra", dia anatin'izany ny hoe: "Ho tonga anie ny Fanjakanao!" Ary tamy marina tokoa izany! Antomotra ny fotoana. Manondro izany ireo famantaran'ny fotoana.

Ho torolàlan-kizorana

Tamin'ny voalohany, ny Baboly dia nosoratana tamin'ny fiteny hebreo. Ny Hebreo no fiteny tokana teto ambonin'ny tany, nandritra ireo 1750 taona voalohany, hatra tamin'ny nanorenana ny tilikambon'i Babela (*Gen.11:6-7*). Ao amin'ny Genesisy 14:13 dia nantsoina "Hebreo" i Abrahama. Ao amin'ny Eksodosy 7:16, Mosesy dia nilaza tamin'i Farao hoe: «**Jehovah, Andriamanitry ny Hebreo, no naniraka ahy nankaty aminao hanao hoe: Alefaso ny oloko mba hanompoany Ahy any an'efitra**». Araka ny nambaran'i Paoly, ny Tompo Jesosy koa, taorian'ny Fiakarany, dia niteny tamin'ny fiteny hebreo: «**Ary rehefa lavo tamin'ny tany izahay rehetra, dia nandre feo nilaza tamiko aho nanao tamin'ny teny Hebreo.....**». Matetika ao amin'ny fiteny hebreo, rehefa adika amin'ny fiteny hafa, ireo teny mamaritra olona, anarana, sy toerana, dia mandray endrika hafa.

Ny Testamenta Taloha dia nifarana tamin'ny bokin'ny mpaminany Malakia, izay niaina sahabo 400 taona talohan'i Kristy. Hatra teo ny nisy dia ireo boky dimy an'i Mosesy, ireo mpaminany sy ireo Salamo, tamin'ny endrika horonan-taratasy maro. Efa 300 na 200 taona talohan'i Kristy vao natambatra ho Testamenta Taloha iray, misy boky 39 ireo. Kanefa ireo horonan-taratasy nisaraka dia mbola nisy ihany. Teo anelanelan'ny 1947 sy 1965, tao *Qumram*, akaiky ny Ranomasintsira, dia nahitana horonan-taratasy maro, antitra indrindra, ka ny

iray, lava 7,30 metatra, saika mbola tsy nisy fahasimbana, dia nisy ny bokin'ny mpaminany Isaïa, ireo Salamo, ary ny bokin'ny mpaminany Daniela. Ao Jerosalema, ao amin'ny tranom-bakoka, ao amin'ny "Efitry ny Boky" no voatahiry izany. Ao amin'ny Lioka 24 ;44, ny Tompo sy Mpamonjy antsika, Jesosy, dia mbola nampivoitra izany fizarana telo izany; lalàn'i Mosesy, ireo Salamo, ireo mpaminany; «...**fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin'ny lalàn'i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo.**». Indray mandeha Izy, tao amin'ny synagogan'i Nazareta, dia namaky tao amin'ny horonan-taratasin'Isaïa, ary niteny hoe! «**Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany.**» Tamin'izany fotoana izany indrindra mantsy no tanteraka faminaniana zato mahery an'ny Testamenta taloha, mifandraika amin'ny Drafi-Panavotan'Andriamanitra.

Efa tany amin'ny taona 250 mialohan'i Kristy, ny Testamenta Taloha vao nadika tamin'ny teny grika, izay fiteny iraisam-pirenena tamin'izany andro izany. Ireo nanam-pahaizana Jiosy, tao *Alexandrie*, tany Egipta, no nanao izany. Saingy tsy neken'ireo Jiosy mpandinika ny Thora tany Isiraely izany fandikana izany, izay nantsoina "*Septante LXX*". Tao amin'izany fandikana izany sahady dia efa nisy teny maro manan-danja sy sarobidy izay tsy takatry ny mpamaky intsony, kanefa mazava tsara ao amin'ny soratra hebreo. Anatin'ity famelabelarana ity àry, isaky ny ilaina izany, dia ho marihina ny dikan'ny teny voalohany, amin'ny fiteny hebreo. Kanefa, na ireo izay mahafehy fiteny maro aza dia mila ny fitarihana sy ny fanambaran'ny Fanahy-Masin'Andriamanitra. Izahay dia mino ny tsindrimandin' ny Soratra Masina, izay voamarin'ny firindran'ny lavorary, amin'ireo Testamenta Taloha sy Vaovao.

Ny Testamenta Vaovao, amin'ireo bokiny 27, dia niseho nandritra ireo taonjato voalohany nisian'ny kristianisma, amin'ny maha "*canon*" (*fitsipika*) azy. Nitranga aloha izay notaterin'i Lioka ao amin'ny fampidirany ny Filazantsarany hoe: «**Satria maro no efa nanoratra nandahatra tantara ny amin'ny zavatra izay efa tanteraka tamintsika...**» Tamin'ireo fitantarana maro ireo dia efatra no tafajanona, ny an'i Matio, an'i Marka, an'i Lioka, ary an'i Jaona. Ireo no noraisina ho "Filazantsara" tao amin'ny "*canon*" an'ny Baiboly. Natao izy ireo ho fampitana amin'ny taranaka mifandimby, ny zava-nitranga tao amin'ny fiainan'i Jesosy sy ny asany, ho ampahany ao amin'ny Tantaran'ny Fanavotana. Ny Filazantsara tsirairay dia samy nanana

ny nampivavaka azy. Ny tsifitovizan'izy ireo anefa dia manambara, sady manome sary feno, an'ny Tompo sy Mpamonjy, nanomboka teo amin'ny Fahaterahany ka hatramin'ny Fampakarana Azy.

Matio, ohatra, dia maneho avy hatrany ny porofo fa tanteraka tao amin'ny fahaterahan'i Kristy ny faminanian'ny Isaia 7:14: «**Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy. Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela.**» (Mat.1:18-25). Ao amin'ny Matio 2:1-6, izy no mitantara ny Fahaterahany tao Betlehema, ary asongadiny ny fahatanterahan'ny teny fikasana nomen'ny Mika 5: «*Fa ianao, ry Betlehema... avy ao aminao no hivoahan'Izay anankiray ho Mpanapaka ho Ahy ao amin'ny Isiraely...*»

Marka kosa dia manomboka amin'ireto faminania anankiroa tao amin'ny Testamenta Taloha ireto: Isaia 40 ;3: «*Injany! misy feon'ny miantso hoe: Manamboara lalana any an-efitra ho an'i Jehovah....*» sy Malakia 3:1 «*Indro, haniraka ny irako Aho, ary izy hanamboatra lalana eo alohako...*»

Lioka, dien'ny toko voalohany, dia nitantara ny fitsidihan'ny anjely Gabriela an'i Zakaria, naminany taminy ny hahaterahan'i Jaona mpanao batisa, sy ny fitsidihany an'i Maria, nanambara azy ny hahaterahan'ny Mpamonjy: «**Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin'Andriamanitra ianao. Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy (Hebr. Yahshua).**»

Jaona kosa, niverina tany amin'ny fiandohana mihitsy, ka nanambara hoe: «**Tamin'ny voalohany ny Teny...**» (Jaona 1:1). «**Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika...**» (Jaona 1:14)

Tsy maintsy mamaky ireo filazantsara efatra ireo, vao ananana fahitana feno amin'ny fiainan'ny Mpanavotra antsika, ireo asany, ny minisiterany, ireo fahoriany sy ny fahafatesany, ary ny fiakarany, izay tranga lehibe indrindra ao amin'ny Tantaran'ny Famonjena, araka ny efa nanambarana izany tao amin'ny Testamenta Taloha.

Manaraka ireo filazantsara, dia ireo "Asan'ny apostoly" tao amin'ny Fiangonana voalohany, arahan'ireo epistilin'ireo apostoly, ary mamarana dia ny Fanambaran'i Jesosy-Kristy, izay noraisin'i Jaona apostoly, tao amin'ny nosy Patmo, any amin'ny tany Grika.

Tany am-boalohany, dia novakina tany amin'ireny fiangonana an-toerana ireny ireo filazantsara sy ireo epistily ireo, avy eo dia nampitaina tamin'ny hafa: «*Ary rehefa voavaky aty aminareo ity epistily ity, dia asaovy hovakina ao amin'ny fiangonan'ny Laodikiana koa; ary vakionareo kosa ilay avy amin'ny Laodikiana.*» (Kolosiana 4:16). Niely nanerana ny tany ny fitoriana, araka ny efa nobaikoan'ny Tompo izany, tao amin'ny iraka nomeny.

Talohan'ny niforonan'ny fanontam-boky moderina, tany amin'ny taonjato faha-15, dia sora-tànana avokoa no fomba nanamaroana ny asasoratra rehetra. Taorian'ny fandikana tamin'ireo fiteny hafa, dia natao ny fitsinjarana ho toko, ary taorian'izany ny fitsinjarana ho andininy. Asiana tsindrimpeo indray, fa tsy ny fampitahana ireo fandikana maro ireo, na sarobidy manao ahoana aza ireny, no hitondra fahazavana amintsika, fa ny Fanahin' Andriamanitra irery ihany no tena mamantatra ny saina lalina an'Andriamanitra (*1 Kor.2:10*), ary mitarika amin'ny fahamarinana rehetra (*Jaona 16:13*). Ny soratra, ny Teny voasoratra, ho antsika dia tsy maintsy manjary Teny voambara sady velona. Ny Tenin'Andriamanitra no maharitra mandrakizay (*1 Petera 1 ;25; Isaia 40:8*).

Izay tena mino marina no manaiky ny Tenin'Andriamanitra voamarina.

Mametraka fanontaniana isika, ary Andriamanitra no mamaly amin'ny alàlan'ny Teniny ihany:. Inona no tian'Andriamanitra lazaina amintsika amin'ny alàlan'ny Testamenta Taloha? Inona no nomen'Andriamanitra antsika amin'ny alàlan'ny Testamenta Vaovao? Inona no tena finoana, ary inona ny finoana nodisoana? Io kristianisma eken'ny maro io, sa ireo fiangonana maro be ireo, ve tena maneho ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy?

Ireo rehetra izay mandinika izany, dia mahafantatra fa nisy ireo teny fikasana nomena tao amin'ny Testamenta Taloha, izay tanteraka mandritra ny andron'ny Famonjena, ato amin'ny Testamenta Vaovao. Fantatra ihany koa fa, eo anivon'ny tontolo kristiana, dia adikan'ny olona amin'ny fomba maro samy hafa ny Soratra Masina, ao amin'ny Baiboly, hatramin'ny andininy voalohany ka hatramin'ny farany.

Eto, dia tsy maintsy porofoina fa Andriamanitra dia tsy aiza, fa ao anatin'ny Teniny voalohany irery ihany, ary amin'ny alàlan'izany Izy no miteny amintsika, saingy izany dia itsofohan'ny fahavalo, mpanohitra an'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ireo fandikana vilana, izay mamitaka ny olona amin'ny fomba toa ara-pivavahana. Satana no voalohany nanolana ny Teny, nitondra tamin'i Eva ilay tenim-pitaka voatantara ao amin'ny Genesisy 3, hoe: «*Hanky! efa nataon'Andriamanitra hoe...?*» Namafy ny fisalasalana izy, ka nahatonga ny fahotana voalohany, sy ny fisarahana tamin'Andriamanitra. Hatrany hatrany, dia ametrahany fisalasalana izay voalazan'Andriamanitra, ary omeny ny fandikany manokana. Ombieniombieny dia mitaona araka izay vitany izy, na any amin'ireo sehatra teolojika aza, mamahana ireo fanahy tia karokaroka sy mangetaheta fahalalana be, izay tsy misalalana hihinana amin'ny hazon'ny fahalalana, na hitarika azy amin'ny fahafatesana ara-panahy aza izany.

Andriamanitra / Elohim – Tompo / Yahvé Fampitahana sarobidy samihafa

Ny teny hebreo “*Elohim*”, izay hita in-3562 ao amin'ny Baiboly, manomboka ao amin'ny Genesisy toko voalohany, izay nadika “*Andriamanitra*” ao amin'ny Baibolintsika, fa nadika “*Theos*” ao amin'ny “*Septante*”. Ary, ny teny “*Yahvé*”/YHWH, izay hita in-4024 ao amin'ny Baibolintsika, hatrao amin'ny Genesisy 2:4, amin'ny teny “*Jehovah*” na “*Tompo*” dia voadika “*Kyrios*”. Ilay tambateny “*Elohim-Yahvé*” [*ilay Andriamanitra Mandrakizay*], na “*Jehovah-Andriamanitra*” dia hita in-6356 ao amin'ny Baiboly.

Hatra taloha ka ankehitriny, ho an'ny Hebreo rehetra, ny teny “*Elohim*” dia manondro ilay Andriamanitra iray sady tokana, ilay Mpamorona ny lanitra sy ny tany. Efa niseho Izy, tao amin'ny Testamenta Taloha, ho toy ilay “*Tokana*”, ilay “*Izaho izay Izy*”, Ilay misy. Tsy misy persona maro Izy, ilay Mandrakizay, fa manambara ny Tenany amin'ireo Fisehoany (*teofania*) maro samihafa, toy ny Mpamorona, Mpitahiry, Mpanavotra, Mpanjaka, Mpitsara, sns... Ireo rehetra ireo dia tsy anarana, fa toetram-pahatanterahana (*attributs*) izay manondro an'Andriamanitra. “*Mpamorona*” tsy anaran'Andriamanitra, fa Izy dia Mpamorona. “*Mpanjaka*” tsy anarany, fa Izy dia Mpanjaka. “*Mpitsara*” tsy anarany, fa

Izy dia Mpitsara. “Mpamonjy” tsy anarany, fa Izy dia Mpamonjy, sns... Kanefa, amin'izany rehetra izany, dia Izy **Ilay Tsimiova**.

Ohatra vitsivitsy ihany:

Ao amin'ny Genesisy 14:18, Izy dia miseho ho “**El Elyon**”, ilay Andriamanitra Avo Indrindra: «...*Hotahin'Andriamanitra Avo indrindra –El Elyon- anie Abrama, dia Andriamanitra Izay nahary ny lanitra sy ny tany;*»

Ao amin'ny Genesisy 17:1, Izy dia niseho tamin'i Abrahama ho “**El Shaddai**” -Andriamanitra Tsiotoha: «...*Izaho no Andriamanitra Tsiotoha –El Shaddai-, mandehana eo anatrehako, ka aoka ho tsy misy tsiny ianao.*»

Ao amin'ny Genesisy 21:33, dia voasoratra “**El Olam**” - Andriamanitry ny mandrakizay: «...*tany Beri-sheba Abrahama ka tao no niantsoany ny anaran'i Jehovah, dia Andriamanitra Mandrakizay – El Olam.*»

Ao amin'ny Isaia 9:5-6, hitantsika ny fampanantenana ny hahaterahan'ny Zanaka: «...*ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra Mahery – El Gibbor, Rain'ny mandrakizay Andrian'ny fiadanana*»

Ireo teny hebreo rehetra manomboka amin'ny **El**, na mifara amin'ny **el**, dia manambara an'Andriamanitra. Toy izany koa, ireo teny manomboka amin'ny **Yah**, na mifara amin'ny **yah**, dia mifandraika amin'i **Yahvé** (Jehovah), ny Tompo. Zava-dehibe izany, ka manilika izay rehetra fandikana. Ohatra “**Emmanu-el**” dia midika “Andriamanitra amintsika”; “**Isra-el**” midika “ilay mitolona amin'Andriamanitra”; “**Beth-el**”, dia “ny tranon'Andriamanitra”; “**Dani-el**” dia “mpitsara Andriamanitra”; “**El-ia**” dia “Jehovah no Andriamanitra”; “**Isa-ia**” dia “Jehovah no Famonjena”; “**Hallelu-yah**” dia “Derao Jehovah/ny Tompo”, sns...

Ny Anarana masina an'ny Fanekena “**Yahvé**” (Jehovah), araka ny fipetrany ao amin'ny soratra hebreo voalohany, dia manan-danja manokana. Araka ny efa voalazantsika, “**Elohim**” dia nadika “**Theos**”, ary “**Yahvé**” nadika “**Kyrios**”. Izany dia tsy mifanandrify tanteraka amin'ny dikany voalohany. **Kyrios** dia andriana iray, ka mety manondro izay rehetra mpanjaka, na izay rehetra filoha eto an-tany, **ka tsy milaza intsony ny fanambarana ny Anaran'Andriamanitra**, toy ny fanambarana izany ao amin'ny Eksodosy 6:2-3: «**Ary Andriamanitra**

[Elohim] niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: Izaho no Jehovah [Yahvé], ny Tompo; ary tamin'ny anarako hoe ANDRIAMANITRA TSITOA [El Shaddaï] no nisehoako tamin'i Abrahamana sy Isaka ary Jakoba, fa ny anarako hoe JEHOVAH-ANDRIAMANITRA [Elohim-Yahvé] tsy mbola nahafantarany Ahy.»

Ny anarana "YHWH", fantatra amin'ny hoe "tétragramme", no Anarana masina an'ny Faneken'ilay "Andriamanitra Mandrakizay", voambara tao amin'ny Testamenta Taloha. Efa ankatoky ny hofehezina ny Fanekena tamin'izay fotoana, ka nahatonga ny Tompo-Andriamanitra nanambara ny Anaram-Panekeny "YHWH"-Yahvé [Jehovah], tamin'ny Mosesy Mpaminaniny, sy tamin'ny Vahoakan'ny Fanekeny.

Ao amin'ny Lalàna (Eks. 20), niteny ilay Tsitoha hoe: **«Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah [Yahvé/Ilay Mandrakizay] Andriamanitrao; fa tsy hataon'i Jehovah [Yahvé/Ilay Mandrakizay] ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany.»** Masina loatra izany Anarana izany ho an'Andriamanitra, ka tiany ny ahazo antoka fa Isiraely Vahoakany dia hanaiky izany fahamasinany izany. Ohatra, ny Anarana Jehovah-Andriamanitra [Andriamanitra Mandrakizay] dia tsy azo notonina rehefa mamoka razana ivelan'ny trano (Amosa 6:9-10): «... Mangina re! fa tsy tokony hotonenina ny anaran'i Jehovah [Ilay Mandrakizay].» satria Andriamanitra tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ireo velona (Mat.22:32). Saingy, tsy azon'ny olona tsara koa io andalan'ny Baiboly io, sady nadika vilana. Ny vokatr'izany ny Anaran'ny Fanekena "Jehovah" [Yahvé], Andriamanitra Mandrakizay, dia tsy tononina intsony any amin'ireo Jiosy ortodoksa, fa nosoloana an'ny "Adonai". Ny teny hebreo Adon dia midika "mpanjaka", "andriana", na koa "tampo". Saraha dia niantso an'i Abrahamana hoe "Adon" (Gen.18:12; 1 Pet. 3:6). **Kanefa, Jehovah-Andriamanitra [Elohim-Yahvé/Andriamanitra Mandrakizay], dia tsy Mpanjaka fotsiny, fa Izy no "ilay Mandrakizay", ilay "IZAHO IZAY IZY", ilay "Misy amin'ny alàlan'ny Tenany" (Eks.3:14; Eks.34:5-6 sy ny hafa). "Jehovah [Yahvé] dia natokana ho Anarana voambara ho an'ny Fanekena, sy an'ny fanavotan'Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha.**

Ireto fiantsoana fito manaraka ireto dia manondro manontolo ny Drafipanavotan' Andriamanitra: **"Yahvé-Jireh"** midika "Ilay Mandrakizay no hiahy ny amin'ny sorona" (Gen.22:1-14), **"Yahvé-Rapha"** midika "Ilay Mandrakizay izay manasitra anao" (Eks. 15:26), **"Yahvé-Nissi"** midika

“Ilay Mandrakizay no fanevako” (Eks.17:15), “**Yahvé-Shalom**” midika “Ilay Mandrakizay no fiadanako” (Mpitsara 6:24), “**Yahvé-Tsidkenu**” midika “Ilay Mandrakizay fahamarinanay” (Jer.23:6), “**Yahvé-Shammah**” dia midika “Eto ilay Mandrakizay”, “**Yahvé-Sabaoth**” dia midika “Ilay Mandrakizain’ireo tafika” (“*Andriamanitra ny maro, ao @ Baiboly malagasy*) (1 Sam.1:3)

Elohim/Andriamanitra, ilay tsy mety hita noho Izy Fanahy (Jaona 4:24), izay tsy nisy olona nahita hatrizay (Jaona 1:18; 1 Jaona 4:12), hatrany amin’ny mandrakizay, dia niafina tao amin’ny Fahafenoiny amin’ny Fanahy, sy hazavana, ary fiainana (1Timoty 1:17). Tamin’ny fiandohan’ny fotoana, dia niseho tamin’ny endrika hita maso Izy, amin’ny maha *Yahvé/ilay Mandrakizay Azy (Jehovah)*. Ary nantsoiny ho nisy, tamin’ny alàlan’ny Teniny-Tsitoha ny zavatra rehetra ao amin’ny voaàry, ny natiora, sy izay ankoatry ny natiora, ary nitsangatsangana tao Paradisa Izy.

Ny “fane Kempinoana voalohany” izay tafita amintsika tamin’ny alàlan’ireo Soratra Masina, ny “**Sch’mah Israel**”, dia nivoaka tamin’ny vavan’i Jehovah-Andriamanitra [*Ilay Mandrakizay-Andriamanitra*]; Jehovah niteny tamin’ny feo mibaiko, hoe: «**Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah [Ilay Mandrakizay] Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany! [ilay tokana Mandrakizay!]**» (Deo.6:4). Ao amin’ny Marka 12:29, dia hitantsika ny fanamafisana izany, avy amin’ny vavan’ny Tompo sy Mpanavotra antsika: «**Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah [Ilay Mandrakizay] Andriamanitsika dia Jehovah [Tompo] iray ihany!**»

Ny fane Kempinoana ao amin’ny soratra voalohany dia:

Yahvé Elohim, Yahvé Echat = Jehovah (Ilay-Mandrakizay) no Andriamanitsika, Jehovah (Ilay-Mandrakizay) dia TOKANA!

Izany dia manambara ny finoana marina amin’ily tokana Andriamanitra marina. Na miseho amin’ny endrika maro aza Ilay-Mandrakizay (*Jehovah*) tokana, toy ny Mpamorona; Mpanavotra, Mpanjaka, Mpitsara sns... **izany tsy mahasakana ny maha ilay Mandrakizay (Jehovah) tokana Azy**, ary ankoatra Azy, dia tsy misy hafa: «**Izaho no Jehovah, fa tsy misy hafa: Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho... Izaho no Jehovah, fa tsy misy hafa,**» (Isaia 45:5-6). «**Izaho no Jehovah Andriamanitrao... Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.**» (Eks. 20:3)

Ny fahatanterahan'ny Drafi-Panavotan'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Vaovao

Mba hanatanterahany ny Planiny mandrakizay ho Fanavotana ny zanak'olombelona, Andriamanitra, tamin'ny fiandohan'ny Tetstamanta Vaovao, tamin' ny alàlan'ny Fanahy Masina, dia niseho amin'ny maha Ray Azy tao amin'ny Zanaka, tao amin'i Jesosy-Kristy (*Hebr: Yahshua-Maschiah*), ilay Voahosotr'Andriamanitra. Ny Anarana ho an'ny Faneken' ny Testamanta Vaovao, "*Yahshua*", dia avy amin'ny tenin'ny Testamenta Taloha, "*Yahvé*". Ny teny hebreo "*yasha*" midika "mamony" (*Eks. 14:30*). Ampitahaintsika fotsiny ny Joela 3:5: **«Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah (Ilay Mandrakizay/Yahvé) dia ho afa-mandositra...»**, amin'ny Asa 2:21: **«Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah dia hovanjena.»**, sy Romana.10 ;13: **«Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo (Yahshua) no hovanjena.»** Jehovah [*Yahvé*] an'ny Testamenta Taloha no Jesosy [*Yashuah*] an'ny Tetstamanta Vaovao. Iza no voasoratra ao amin'ny soratra hebreo: **«...ary ny anarany hataonao hoe Yahshua [Jesosy]; fa Izy no hamonjy [yasha] ny olony ho afaka amin'ny fahotany.»** (Matio 1:21). **Yahshuah (Jesosy) midika «Yahvé (Jehovah) no Mpamonjy».** Indrisy anefa, io Anaran'ny Faneken'ny Tetstamanta Vaovao io, izay nisehoan'Andriamanitra ho Ray tao amin'ny Zanaka, dia tsy azon'ny olona mandrakariva amin'ny dikany ao amin'ny Drafi-Panavotana.

Ilaintsika ny fanambaran'ny Fanahy Masina, mba hamantarantsika io zavamiafina tsy takatry ny saina sy tsy hay azavaina io, izay nampidirana antsika.

Mialoha izany, dia ity no mety amin'ny rehetra: **«Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.»** Kanefa ny apostoly dia afaka nijoro vavolombelona fa: **«isika no nanambaran'Andriamanitra izany tamin'ny Fanahy; fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'Andriamanitra aza.»** (1 Kor. 2:10-15)

Talohan'ny nahafahan'ny Mpanavotra nanatanteraka ny Irakany, ary nanolorany ny Fanavotana tamintsika, dia tsy maintsy teraka tao amin'izao-rontolo-izao Izy, tao amin'ny vatana nofo, amin'ny maha Zanaka Azy.

«...fa rehefa tonga ny fotoan'andro, dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, nateraka tao ambanin'ny lalàna.»
(Gal. 4:4)

«Ary ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia toy izao: ... Maria, renin'i Jesosy, ... dia hita fa nitoe-jaza avy tamin'ny Fanahy Masina.» (Matio 1:18)

«... fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina,» (Matio 1:20)

«Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazain'ny Tompo ny mpaminany hoe: Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela (Isa. 7. 14), izany hoe, raha adika: Amintsika Andriamanitra.» (Matio 1:22-25)

«Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay haterakao dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra.»
(Lioka 1:26-38)

Ny fijoroana vavolombelona nataon'i Elizabeta, feno ny Fanahy Masina, dia ity: **«Avy aiza no ahatongavan'izao amiko, nomba vangian'ny renin'ny Tompoko aho?»** (Lioka 1:43) — fa tsy: “ny renin'Andriamanitra”.

Fomba mazava tsara no nitantarana ny fahaterahan'ny Zanakalahin'Andriamanitra amintsika. Toy izao no nanambaran'ny anjely izany tamin'ireo mpiandry-ondry, tany an-tsaha: **«...fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio, ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo.»** (Lioka 2:11)

Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny Tompo sy Mpanavotra antsika dia hita amin'ny “fiantsoana efatra manan-dikany samihafa, amin'ny maha-Zanaka Azy”: **Zanak'i Abrahama, Zanak'i Davida, Zanak'Andriamanitra, ary Zanak' Olona.**

Amin'ny maha-**Zanak'i Abrahama** Azy (Mat. 1:1), dia lzy no “mpandova izao-tontolo-izao” (Rom. 4:13), ary ireo voavotra no voatendry ho mpandova an'Andriamanitra sy mpiara-mandova amin' i Jesosy-Kristy (Rom.8:17).

Amin'ny maha-**Zanak'i Davida** Azy (*Mat. 1:1b*), dia Izy no "Mpanjaka" (*Lioka 1:32; Jaona 18:37*), ary ireo voavotra no voatendry hiaramanjaka Aminy (*Apok. 5:10*)

Amin'ny maha-**Zanak'Olona** Azy, dia Izy "Ilay Mpaminany", efa naminanian'i Mosesy fa ho avy (*Deo. 18:15-19*), araka ny nanoritan'i Paoly izany ao amin'ny Asa 3:22-24: «*Ary izay rehetra tsy hihaino izany mpaminany izany dia haringana tsy ho eo amin'ny olona.*»

Amin'ny maha-**Zanak'Andriamanitra** Azy, dia Izy no "Mpanavotra", izay andraisan'ireo izay navotana ny fananganana, hahatonga azy ireo zanakalahy sy zanakavavy an'Andriamanitra: «*...mba handraisantsika ny fananganan'anaka.*» (*Galat. 4:4-9*)

Mikasika izany indrindra no anoratan'ny apostoly ity: «*Paoly, mpanompon'i Jesosy Kristy, voantso ho Apostoly, voatokana ho amin'ny Filazantsaran' Andriamanitra, izay nampilazainy ny mpaminany rahateo teo amin'ny Soratra Masina, ny amin'ny Zanany, izay nateraka avy tamin'ny taranak'i Davida araka ny nofo, ary naseho tamin-kery ho Zanak'Andriamanitra, araka ny fahamasinana tamin'ny fitsanganany tamin'ny maty, dia Jesosy-Kristy Tompontsika, izay nandraisanay fahasoavana sy ny mah'Apostoly anay hahatonga fanekena ny finoana ho voninahitry ny anarany any amin'ny jentilisa rehetra....*» (*Rom. 1:5*)

Raha ny ara-nofo, Jesosy-Kristy, ilay Zanakalahin'Andriamanitra, dia avy amin'ny taranak'i Davida (*Mat. 1: 1-17; Lioka 3:23-38*), ary tamin'ny alàlany isika «*no efa nampihavaniny ankehitriny tao amin'ny tenan'ny nofony, tamin'ny fahafatesana, mba hatolony ho masina sady tsy hanan-tsiny amam-pondro eo anatrehany,*» (*Kolosiana 1:21-22*) «*Izy no ananantsika fanavotana amin'ny ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany,*» (*Efesiana 1:7*). Tamin'ny Fahafatesany ho fanoneran'ota, no nanolorany antsika ny fihavanana amin'Andriamanitra: «*Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana.*» (*2 Kor.5:14-21*). Maty Izy «*...mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly,*» (*Hebreo 2:14*). Tamin'ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia nomena antsika ny fandresena ny fahafatesana, ary natolotra antsika ny tsifahafatesana.

«Ary satria ny olona iray no nisehoan'ny fahafatesana, dia ny Olona iray kosa no nisehoan'ny fitsanganan'ny maty... Fa tsy maintsy manjaka Izy, mandra-panaony ny fahavalony rehetra ho eo ambanin'ny tongony... Ary rehefa nampanekena Azy ny zavatra rehetra, dia ny tenan'ny Zanaka koa aza no hanaiky Izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy, mba ho zavatra rehetra amin'izy rehetra Andriamanitra.» (1 Korintiana 15:21,25,28)

Hiaina izany ireo voavotra rehetra amin'ny Fiverenan'ny Tompo: **«Fa ity mety lò ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahalòvana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana. Fa rehefa mitafy ny tsi-fahalòvana ity mety maty ity, ary mitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity...»** Amin'izay dia hihiaka ireo navotana hoe: **«Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao? ... Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika.»** (1 Korintiana 15:51-57). Amena

Na oviana na oviana, ilay Andriamanitra tokana, dia tsy mba nizara ho “persona telo mandrakizay”. Ao amin'ny Soratra Masina, tsy mba ahitana Andriamanitra telo, na “telo-izay-iray”, na “roa-izay-iray”, fa ny Ray ihany, izay naneho ny Tenany tao amin'ny Zanaka, ho an'ny Famonjena antsika. Toy izany koa, ny Testamenta Vaovao dia tsy manambara afa-tsy ilay **Andriamanitra iray sy tokana**: «... ny laza avy amin'ny **Andriamanitra Tokana kosa...?**» (Jaona 5:44): «..., dia ny mahafantatra Anao, izay **Andriamanitra tokana sady marina, ...»** (Jaona 17:3): **«fa iray ihany Andriamanitra, ...»** (Romana 3:30): «..., fa **Andriamanitra dia iray ihany.»** (Galatiana 3:20): **«Ary ho an'ny Mpanjaka tsy manan-taloha, tsy mety maty, tsy hita, dia ho an'Andriamanitra tokana ihany...»** (1 Timoty 1:17): **«Izaho no Alfa sy Omega, hoy ny Tompo Andriamanitra, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha.»** (Apokalypsy 1:8)

Ny tena fanekem-pinoan'ireo apostoly, izay iankinan'ny zavatra rehetra, dia tsy hita raha tsy ao amin'ny Baiboly ihany, ary izany dia napetraka indray mandeha monja ho an'ny Fiangonan'ny Tompo:

«IRAY ny Tompo, IRAY ny finoana, IRAY ny batisa, IRAY Andriamanitra sady Rain'izy rehetra, Izay ambonin'izy rehetra sy manerana azy rehetra ary ao amin'izy rehetra.» (Efesiana 4:5-6)

«Ary iaraha-manaiiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin'ny nofo, nohamarinina tao amin'ny Fanahy; hitan'ny anjely, notorina tany amin'ny jentilisa, ninoana teny amin'izao tontolo izao, nakarina tamin'ny voninahitra.» (1 Timoty 3:16)

Raha ny amin'ny maha olona tonga nofo Azy, ny Tompo dia naseho ho toy ny Mpanavotra, teo ankilan'Andriamanitra, araka ny Drafi-Panavotana.

Izy dia **Mpanalalana**: *«Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, izay olona...»* (1 Timoty 2:5);

Mpisolovava koa Izy: *«Anaka, izany zavatra iz any no soratako ny aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina»* (1 Jaona 2:1)

Izy koa dia **Mpisoronabe**: *«Fa Kristy kosa, rehefa tonga ho Mpisoronabe ny amin'ny zavatra tsara ho avy, dia namaky teo amin'ny tabernakely lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon-tanana, izany hoe tsy isan'izao zavatra àry izao, ary tsy mba nitondra ran'osilahy sy ran-janak'omby Izy, fa ny ran'ny tenany, dia niditra indray mandeha ho any amin'ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay.»* (Hebreo 9:11-12)

Tsy mahafatiantoka ny mandinika izany

Nandritra ireo 4000 taona, hatramin'i Adama ka hatramin'i Kristy, dia tsy mba nisy olona niresaka tamina Ray izay any an-danitra (na Abrahama, na Mosesy, na mpaminany hafa) ary vao mainka koa, tsy nisy niresaka tamina Zanak'Andriamanitra. Tsy nisy koa, tany an-danitra, resaka nifanaovana tamin'ny Ray sy ny Zanaka. Tato aoriana, dia tsifahazoana maro an'ireo Soratra Masina no natsofoky ny olona, noho ireo fandikana vilana natao mba nanohanana ny lalan-tsaina "telo-izay-iray". Ohatra amin'ireo izay nadika vilana, dia ny filazana: *«Andeha isika hamorona olona tahaka ny endritsika...»* (Gen.1:26), na koa mikasika ny Genesisy 11:7, izay nitenenan'Andriamanitra hoe: *«Aoka isika hidina, ka eny no hanorokoroantsika ny fiteniny, mba tsy hifankahala teny izy.»* (Genesisy 11:7)

Tsy niresaka tamin'ny tenany Jehovah-Andriamanitra [*Andriamanitra Mandrakizay*], ary tsy niteny tamin'andriamanitra iray hafa koa Izy, fa tamin'ireo anjely nanodidina Azy. Hahitantsika fanamafisana maro izany, ary koa ao amin'ny 2 Tantara 18:18-22: Ilay Mandrakizay [*Jehovah*] niresaka tamin'ireo tafiky ny lanitra teo ankaviany sy teo ankavanany. Ao amin'ny Isaïa 6:1-18; hoy Jehovah [*ilay Mandrakizay*] tamin'ireo serafima nitoetra nanodidina Azy: «**Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay?**» (and.8). Izy koa dia efa nanontany an'i Joba hoe: «*Taiza ary ianao, fony Aho nanorina ny tany? ... Raha niara-nihira ny kintan'ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak'Andriamanitra?*» (Joba 38:4,7)

Ny Tompo, amin'ny maha-Zanakalahin'Andriamanitra Azy, dia niova endrika ho toa antsika, tao anaty vatan'olombelona: «*fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona;*» (Filipiana 2:7). Nandrotsaka ny Ràny Izy ho famelana ireo fahotantsika: «*fa ity no rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka.*» (Matio 26:28) Nanao ny Fanekena vaovao tamintsika Izy: «*Izy no ananantsika fanavotana amin'ny ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany,*» (Efesiana 1:7), ary nanome antsika ny fananganana: «**Arysatria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany...**» (Galatiana 4:4-7)

Tsara ny mahafantatra fa ILAY MANDRAKIZAY/YAHVÉ (*Jehovah*) an'ny Testamenta Taloha ihany no ilay TOMPO/YAHSHUA (*Tompo-Jesosy*) an'ny Testamenta Vaovao. Hatra tao amin'ny saha Edena, ilay Andriamanitra mandrakizay tsy mety hita, dia niseho endrika mety hita, amin'ny maha-Tompo Azy, nandritra ny Testamenta Taloha. Nitsidika an'i Abrahama Izy, niaraka tamin'ny anjely anankiroa: «**Ary Jehovah niseho tamin'i Abrahama teo an-kazo terebintan'i Mamre, ... dia nanopy ny masonry izy ka nijery, ary, indreo, nisy telo lahy nijanona teo tandrifiny, ...**» (Genesisy 18:1-2). Mbola niresaka tamin'i Abrahama Jehovah [*ilay Mandrakizay*] (and.17), raha efa lasa nankany Sodoma ireo anjely anankiroa (toko 19). Jakoba dia nahita Azy, teo ambonin'ny tohatra izay nitohaka ny lanitra: «**Ary, indro, Jehovah niseho teo amboniny ka nanao hoe: Izaho no Jehovah, Andriamanitr'i Abrahama rainao sy Andriamanitr'Isaka; ny tany izay andrianao dia homeko anao sy ny taranakao;**» (Genesisy 28:12-15). Niseho

tamin'i Mosesy Izy, tao amin'ny roimemy nirehitra (*Eks.3*), ary niseho tamin'ny vahoakan'Isiraely rehetra tao amin'ny Andry rahona sy afo (*Eks.40:34-38*). Niresaka nifanatri-tava tamin'i Mosesy mihitsy aza Izy (*Deot.34:10*). Ny mpaminany Mika dia nahita an'i Jehovah teo amin'ny sezafiandrianana (*1 Mpanj.22:19*), toa an'ny mpaminany Isaia koa (*Is.6*). Ny apostoly Jaona koa dia nahita Azy teo amin'ny sezafiandrianana: «... **ary indro seza fiandrianana nipetraka tany an-danitra, ary nisy Anankiray nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana.**» (*Apok. 4:2*). Tsy olona iray faharoa io, fa ny tenan' Andriamanitra izay Fanahy, amin'ny maha Tompo Azy, amin'ny endrika hita maso.

Ato amin'ny Testamenta Vaovao, Andriamanitra, amin'ny maha-Ray Azy any an-danitra, dia niseho teto amin'ny tany tao amin'ny Zanany naterany. Amin'ny maha Zanaka Azy, dia niteny Izy hoe: «**Eny, nivoaka avy tamin'ny Ray Aho ...**». Dia namaly Azy ireo mpianatra hoe: «... **izany no inoanay fa nivoaka avy tamin'Andriamanitra Hianao.**» (*Jaona 16:28-30*). Raha vao vita ny fanavotana, dia nipetraka teo ankavanan'ny Ray Izy, amin'ny maha Zanak'Olona Azy (*Mat.26:63-64*): «... **Miakatra ho any amin'ny Raiko sy Rainareo Aho...**» (*Jean 20:17*). Tao amin'ny Salamo 110:1 sahadry, dia efa naminaniana hoe: «... **Mipetraka eo an-tanako ankavanana, ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.**» (*Mat.26:64; Lio.22:69; Jereo koa Heb.1:13 sy Heb.2:7-8, sy ny hafa*). Amin'ny maha-Tompo Azy (fa tsy maha-Zanaka), dia afaka niteny Izy hoe: «**Lazaiko aminareo marina tokoa, fony tsy mbola àry Abrahama, dia IZY AHO.**» (*Jaona 8:58*)

Ilay “**IZAHO IZAY IZY**”, ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao:

«**IZAHO NO JEHOVAH [ILAY MANDRAKIZAY], Iray Masinareo, Mpamorona ny Isiraely sady Mpanjakanareo.**» (*Isaia 43:15*)

«**IZAHO dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao.**» (*Isaia 43:25*)

«**Mihainoa Ahy, ry Jakoba, sy ry Isiraely izay nantsoiko: Tsy miova Aho; IZAHO no voalohany, ary IZAHO koa no farany.**» (*Isaia 48:12*)

«**Ary hoy Pilato taminy: Mpanjaka va ary Hianao? Jesosy namaly hoe: Voalazanao fa mpanjaka AHO. Izao no nahaterahako, ary izao no nihaviako amin'izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina.**»

Izay rehetra avy amin'ny marina dia mihaino ny feoko.» (Jaona 18:37)

Hitantsika matetika ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona ny fanondroana: "IZAHO": ***«IZAHO no mofon'Aina. IZAHO no fahazavan'izao-tontolo-izao. IZAHO ilay Mpiandry tsara. IZAHO no fananganana amin'ny maty. IZAHO no làlana, sy fahamarinana ary fiainana.»***

«IZAHO no Alfa sy Omega, hoy ny Tompo-Andriamanitra, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha.» (Apokalypsy 1:8)

«IZAHO no Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny Farany, ny fiandohana sy ny fiafarana.» (Apokalypsy 22:13)

Fampitahana iray hanapahan-kevitra

Ny fijoroam-bavolombelon'ireo Testament Taloha sy Vaovao dia mifampirindra tanteraka, raha ny amin'i Jesosy-Kristy Mpamonjy antsika. Ao amin'ny katesizy kosa, sy ireo bokin-teolojia maro, dia ny fanekempinoana namboarin'olombelona no hita. Niteny mazava tsara ny apostoly Jaona hoe: ***«Izao no ahafantaranareo ny Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin' Andriamanitra; ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an'i Jesosy tonga tamin'ny nofo dia tsy mba avy amin'Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, sady efa eo amin'izao tontolo izao sahadry izy.»*** (1 Jaona 4:2-3 *Darby*). Raha ny amin'ny fanekena an'i Kristy, Zanaka, dia manapotsitra ny fery i Jaona, manontany hoe: ***«Iza no mpandainga, afa-tsy ilay mandà an'i Jesosy tsy ho Kristy (ilay Voahosotr' Andriamanitra)? Izy no antikristy, dia izay mandà ny Ray sy ny Zanaka.»*** (1 Jaona 2:22). Ny teny "anti" midika "mpanohitra, mpisongona". Misy ny fanahy antikristy, dia ny fanahy izay manohitra an'i Kristy, ary misy ireo antikristy, dia ireo izay fehezin'io fanahy ratsy io. ***Izay rehetra tenenina na ampianarina, ka mifanohitra amin'ny nambaran'ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny fampianaran'i Kristy, dia antikristy, ary mipetraka ho fanoherana Azy, ka manasaraka antsika amin'Andriamanitra, amin'ny hazon'ny Fiainana.*** (Apok. 22:19)

Raha mampitandrina antsika ny apostoly fa izay fanahy rehetra tsy manaiky an'i Jesosy-Kristy ho ny Zanaka tonga nofo, araka ny Baiboly,

dia tsy avy amin'Andriamanitra, dia mipetraka kosa ity fanontaniana ity: **ahoana ny amin'ireo izay manaiky fa ny Zanaka Jesosy-Kristy, izay nateraky ny virjina araka ny Isaia 7:14, tao Betlehema araka ny Mika 5:1 (Mat.2:5), dia persona faharoa mandrakizay ao amin'Andriamanitra iray, kanefa izany dia tsy hita akory ao amin'ny Baiboly?** Voatery nanao tsindrimpeo indray ny apostoly Jaona; **«Ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an'i Jesosy tonga tamin'ny nofo** (araka ny ambaran'ny Soratra Masina) **dia tsy mba avy amin'Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy...»** (1 Jaona 4)

Ireo fanekempinoana nosoratana tao Nikea, tamin'ny taona 325, ary nanampiana ny taona 381 tao *Constantinople*, dia tsy misy ifandraisany amin'ny vavolombelon'ireo Soratra Masina nampitaina amintsika. Izaio, ohatra, no hita ao amin'ireny fanekempinoana ireny: **“... ny Zanakalahy tokana an'Andriamanitra, nateraky ny Ray talohan'ny fotoana rehetra: Andriamanitra avy amin'Andriamanitra, Hazavana avy amin'ny hazavana, Andriamanitra marina avy amin'Andriamanitra marina, nateraka fa tsy natao, miray sobstansia amin'ny Ray.”** Ny Zanaka ve dia tokony ho nateraky ny Ray, amin'ny maha Andriamanitra Azy, tany an-danitra, talohan'ny fiandohan'ny fotoana, tany amin'ny mandrakizay? —Tsy misy fahamarinany izany, na dia kely aza.

Tsy mety mihitsy ho Kristy, ny Zanaka, ilay Voahosotra, no ho resahina amin'izany. Satria, hoy ny Soratra Masina, ao amin'ny Salamo 2:7: **«“Zanako Hianao, Izaho niteraka anao androany.»** Ary ny mandrakizay tsy misy androany na rahampitso, fa maharitra hatrizay ka tsisy fiafarany. Nidina avy tany an-danitra ny anjely Gabriela, ary nanambara **ny fahaterahan'ny Zanaka eto amin'ny tany. Hoy izy tamin'i Maria virijina: «Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy [Yahshua].»** (Lioka 1:31)

Mifanohitra tanteraka amin'ny Baiboly ny fanekem-pinoana hoe: **“Ny Ray dia Andriamanitra, ny Zanaka dia Andriamanitra, ary ny Fanahy Masina dia Andriamanitra, ny Ray dia mandrakizay, ny Zanaka dia mandrakizay, ary ny Fanahy Masina dia mandrakizay.”** Noho izany dia manohitra an'i Kristy izany ary manohitra an'Andriamanitra. Tsy misy afa-tsy tokana Andriamanitra: **«Andriamanitra Ianao hatramin'ny taloha indrindra ka mandrakizay.»** (Sal. 90:2). Ny fisainana “Andriamanitra Zanaka”, na

“Zanaka mandrakizay” dia tsy hita na indray mandeha monja ao amin’ny Baiboly, **ary tsy hita toy izany koa ny “Andriamanitra Fanahy Masina”**. Ny hitantsika ao amin’ny Soratra Masina dia tsy misy afa-tsy *Zanak’Andriamanitra, ary koa Fanahy Masina*. Tsy persona fahatelo ny Fanahy Masina, fa Izy ny Fanahin’Andriamanitra izay nanomba teo ambonin’ny rano teo am-piandohana (*Gen.1*), izay voatonona in-381 ao amin’ny Baiboly toy ny *“Ruach Yahvé”*, ary narotsaka tamin’ny andro Pentekosta tao amin’ny Fiangonan’ny Testamenta Vaovao (*Asa 2*). Efa ny taona 381 ny Fanahy Masina vao nambara ho persona fahatelo ao amin’Andriamanitra, nandritra ny konsilin’i *Constantinople*. Ilay lazaina ho “fanekempinoan’ny apostoly” dia sady tsy an’ny apostoly no tsy ara-Baiboly. **Izay avy amin’ny apostoly ihany no azo ekena ho an’ny apostoly, ary izay hita ao amin’ny Baiboly ihany no azo ekena ho ara-Baiboly.** «...*nefa amintsika kosa dia Andriamanitra iray ihany, dia ny Ray, izay nihavian’ny zavatra rehetra, ary ho Azy isika; ary iray ihany ny Tompo, dia Jesosy Kristy, izay nahariana ny zavatra rehetra sady nahariana antsika koa.*» (1 Korintiana 8:6). **Io Andriamanitra “TOKANA” io dia niseho amin’ny maha Tompo Azy – ny Ray tao amin’ny Zanaka.**

Na iza na iza fiangonana, raha Tompo iray hafa, finoana iray hafa, ary batisa iray hafa, noho ireo izay ambaran’ny Soratra Masina no ampianariny sy ampihariny, dia tsy mahaso azy na amin’inona na amin’inona ny manamafy ny fanekeny ireto tenin’ny Efesiana 4:5 ireto: «*iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa.*».

Ny adilahy nisy tamin’ireo teolojiana, nandritra ny taonjato fahatelo an’ny kristianisma, dia tonga, satria fotsiny niezahan’ny fanahin’ny olombelona nofantarina tamin’ny fomba takatry ny saina sy azo hazavaina ny fisehon’ny Ray tao amin’ny Zanaka, na dia voasoratra aza fa: «... **ary tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian’ny Zanaka hanehoana Azy.**» (Matio 11:25-27; Lioka 10:21-22). Ireo apostoly sy ireo mpaminany tsy mba niadihevitra nikasika ny Andriamanitra, satria ireo teny nolazain’ny Tompo tamin’i Petera dia nitranga tamin’izy ireo koa: «...**fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra.**» (Matio 16:16-19)

Ny fanekempinoana tena marina an’ny Fiangonan’Andriamanitra tena izy, izay izy koa no fototra sy andrin’ny fahamarinana (1 Tim.3:15), dia tsy hita afa-tsy ao amin’ny Baiboly. Ao irery ihany

no voalaza amintsika iza marina i Jesosy-Kristy, ilay Zanakalahin' Andriamanitra. **Ny fanekempinoana araky ny Baiboly sy araka an'ireo apostoly, sady mitoetra mandrakizay**, dia napetrak'Andriamanitra, Izy tenany. Izany dia ny fanavotana sy ny fiainana mandrakizay: *«Ary izao no fanambarany: **Fiainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanak' Andriamanitra no tsy manana ny fiainana.**»* (1 Jaona 5:11-12)

Izao no traikefan'ny Famonjena, izay azon'ny tsirairay iainana manokana, noho ny fahasovana: *«**Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny anarany**»* (Jaona 1:12)

*«**Ary fantatsika fa tonga ny Zanak'Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika ilay marina; ary isika ao amin'ilay marina, dia ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay.**»* (1 Jaona 5:20).
Amena, eny, Amena!

Ho an'ny tena Fiangonan'i Jesosy-Kristy, izay tsy rafim-pandaminana, fa zavatra velona iray, dia tsy misy azo ekena afa-tsy ireo fampianaran'ny Baiboly, araka izay ahitana azy ireo ao amin'ny Soratra Masina. Tsy azo inoana sy ampianarina ao amin'ny Fiangonany afa-tsy **izay napetraka ao amin'ny Testamenta** manan-kery mandrakizay, satria ao anatin'ny tsy misy azo hovana, ary tsy misy azo ampiana (*Gal.3:15; Apok.22:18-21*).

*«**Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy.**»* (Galatiana 1:8)

Ny olona iray nahazo iraka avy tamin'Andriamanitra mivantana, toy ireo apostoly voalohany, Petera, Jaona, Jakoba ary Paoly, dia tsy hiandany, sady tsy afaka hiandany, afa-tsy amin'Andriamanitra sy ny Tenin'Andriamanitra. Toy izany koa, ireo olona miasa ho an'ny fiangonana iray dia tsy afaka hiandany afa-tsy amin'izay inoana ao, sy ampianarina ary ampiharina ao. Ohatra, anatin'ny maro, dia ireo fanekempinoana sy dogma izay nodidiana narahina nanomboka ny taonjato fahefatra, tao amin'ireny konsily sy synoda ireny. Taorian'ny reformasiona aza, ireo fiangonana kristiana vaovao maro, dia samy

nampitoetra ny fampianarany avy, izay matetika tsy mifanaraka amin'ny an'ny Baiboly. Miisa mahery ny roa lavitrisa ankehitriny ireo kristiana izay mitsinjara amin'ireo fiangonana Katolika, Anglikana, Ortodoksa, Protestanta, sy ireo fiangonana madinika maro be.

Ny fivoarana mampalahelo teo anivon'ny kristianisma eken'ny maro

Ekena fa ny tsirairay dia afaka mifidy izay zavatra inoany sy izay olona ametrahany ny finoany. Fa tianay fotsiny eto, ny maneho fohifohy ny zavatra mampalahelo tao amin'ny tantaran'ny fiangonana.

Tao amin'ny kristianisma voalohany, ny fitoriana dia nifanaraka tsara tamin'ny Soratra Masina. Ireo apostoly, izay ny Tompo mihitsy no nampianatra azy, dia teo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Ireo kristiana voalohany dia iray fo iray saina. Ny Fiangonana voalohany dia tsy rafi-pandaminana, fa zavatra iray nanan'aina. Andriamanitra mihitsy no nametraka ireo apostoly, ireo mpaminany, ireo evanjelista, sy ireo mpampianatra, ary ireo pastora, tao amin'ny Fiangonany (*1 Kor.12; 1 Kor.14; Efes.4 sy ny hafa*). Niforona ireo fiangonana antoerana, nisy loholona sy diakona, samy nahaleotena avy, ary tsy mba nanao politika. Kanefa ny fitomboana faingana tamin'ireo fiangonana kristiana ireo dia nampiahiahy ny mpitantana sasany tao amin'ny fanjakambe romana, natahorany hanimba ny fivavahana nentindrazany na hitarika korontana teo amin'ny fiarahamonina. Koa nanomboka ny fanenjehana tamin'ny andron'i *Néron (taona 64 aorian'i Kristy)*, izay tsy nitsaha-niely nandritra ireo taonjato voalohany.

Taorian'ireo fanenjehana ny kristiana, nahatsiravina sy tsy nisy indrafo, tamin'ny andron'ny amperora *Dioclétien (285-305)*, farany dia neken'ny fanjakana ihany ny kristianisma, taona 313, tamin'ny alàlan'ny amperora *Constantin*. Hatra teo àry, ny kristianisma izay efa nitady hihemotra sahady, dia nanomboka nanohana ny tombotsoan'ny fahefan'ny fanjakambe. Taona iray talohan'izany i *Constantin*, dia efa nanandra-tena ho "*Pontifex Maximus*", sady lehiben'ny fanjakana no lehiben'ny fiangonana. Araka izany no nahaterahan'ny "fiangonampanjakana", tao amin'ny fanjakambe romana.

Tamin'ny taona 380, dia nambaran'i amperora *Theodose 1^{er}*, fa ny finoana trinitera no fivavahana ofisialy an'ny fanjakana. Ary tsy maintsy

niditra mpikambana tamin'izany, tsy ireo efa kristiana isan-tokony avy ihany, fa ny olom-pirenena rehetra tao amin'ny fanjakambe romana. Ny teny-filamatra tamin'izany dia ny hoe: "Tsy misy famonjena ivelan'ny fiangonana", sy koa ny hoe: "Izay manana ny fiangonana ho reny ihany no manana an'Andriamanitra ho Ray." Inona no nikambanan'ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy tamin'izany fivoarana nifototra tamina politikam-pivavahan'ny fiangonan'ny fanjakambe izany? —Tsisy, tena tsy misy na inona na inona!

Ny fanononana "*Pontifex Maximus*" (*pontifa lehibe*), tamin'ny voalohany dia nanondro ny lehiben'ny pretra, tao amin'ny sokajin'ny pontifa (*pretra*), mpitantana ny fanompoan-tsampy tao amin'ny Roma voalohany, ary nomena an'ireo amperora romana aloha, izay vao nomena ireo pàpa tato aoriana. Ny Pàpa Léon lehibe (440-461), no evekan'i Roma, voalohany nitonon-tena ho izany. Ny fiandrianan'ireo pàpa, sy ny fiambonian'ny Fiangonana katolika amin'ny ankapobeny, dia miankina amin'ny filazana fa teo ambonin'i Petera, izay nomeny ny fanalahidin'ny Fanjakana, no ho nanorenan'i Jesosy ny fiangonana, ary i Petera no eveka voalohany tao Roma, noho izany dia izy no pàpa voalohany.

Mba nahavitan'izy ireo nanao izany, dia niankinany koa ny Tenin'i Jesosy, hoe: «...*ambonin'ity vatolampy ity no haoroko ny Fiangonako*...». Kanefa, tsy tokony hisy teolojiana, na tokana aza, tsy ahafantatra fa teny roa samy hafa no ao amin'io andinin'ny Matio 16:18 io. Hoy ny Tompontsika hoe: «*Ianao no Petera...*» (*petros = vato iray, silaka vatolampy*). Tsy niteny Izy hoe: «... amboninao no haoriko ny Fiangonako», fa kosa hoe: «...*ambonin'ity vatolampy ity* (*petra = vatolampy lehibe*) **no haoriko ny Fiangonako!**» Ahoana no ahasahiana miteny fa Petera no ho vatolampy niorenan'ny Fiangonana?

Tsy isalasalana fa ny Fiangonana dia mifototra amin'i Kristy, ilay Vatolampin'ny Famonjena, ilay vato fehizoro, araka ny ambaran'i Petera, izy mihitsy, ao amin'ny 1 Petera 2:4-8: «***Fa misy teny ao amin'ny Soratra Masina manao hoe: "Indro, mametraka fehizoro ao Ziona Aho, dia vato voafidy sady tsara; Ary izay mino Azy tsy ho menatra"***» Raha ny amin'ny Fiangonana ara-Baiboly, dia soratan'i Paoly, ao amin'ny Efesiana 2:20 fa Izy dia «***natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra***...»

Araka ny tolotsain'Andriamanitra koa no nanoratany hoe: «*Araka ny fahasoavan' Andriamanitra nomena ahy, tahaka ny fanaon'ny mpità-marika mahay no nanaovako ny fanorenana, ary ny hafa mandrafitra eo amboniny; nefa aoka ny olona rehetra hitandrina izay arafiny eo amboniny. Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy.*» (1 Korintiana 3:10-11).

Jesosy-Kristy no Lohan'io Fiangonan'Andriamanitra tena izy io; izay ireo navotana no singany (*Efes. 4:15*). Ny Tompo sy Mpamonjy antsika, Izy mihitsy, no nilaza mazava hoe: «... *ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny Fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsihita tsy haharesy Azy.*» (Matio 16:18). —Tsy fiangonana maro fa «**ny Fiangonako**». Izany dia ireo ondry vitsy, tena mpino (*Lioka 12:32*) izay nanomezan'ny Mpiandry tsara ny Ainy; ary ireo Ondriny ireo dia tsy mihaino afa-tsy ny Feony (Jaona toko faha 10).

Tsy mba àry tany Rôma ny apostoly Petera —fa angano nahim-po noforonina izany. Ny nisy tany, dia ilay mpanao «*magie*» atao hoe Simona Magy, izay nahavariana ny vahoaka tamin'ny fomba niavaka. Araka ny Asan'ny apostoly toko faha-18, na ny amperora *Claude* aza, izay nanjaka tamin'ny taona 41-54 taorian'i Kristy, dia nandidy ny Jiosy rehetra niala tao Rôma, ary anisan'ireo Akoila sy Prisila vadiny. Tsy avy tao Rôma no nanoratan'ny apostoly Petera, fa avy tao Babylona, amoron'i Efrata (*1 Petera 5:13*), izay ny sisa tsy rava dia mbola hita ankehitriny, 20 ka hatramin'ny 92 kilometatra atsimon'i *Bagdad*, any *Irak*. Ireo fitsidihana misionera nataon'i Petera, tahaka an'ireo an'i Paoly dia voatantara ao amin'ny Asan'ny apostoly. Paoly, izay nandalo natetika tao Roma —indray mandeha aza naharitra 2 taona (*Asa 28:30*)— dia tsy mba nanao veloma an'i Petera, tao amin'ny taratasy nalefany ho an'ireo mpino tany Rôma, nefa olona 27 no notononiny tamin'ny anarany (*Romana 16*).

Tato aoriana, dia nadika vilana ihany koa ireo tenin'i Jesosy hoe; «**na helok'iza na helok'iza no avelanareo, dia voavela izany...**» Tamin'ny andron'ireo apostoly, dia tsy natao ho fitsipika raikitra azon'ny pretra nampiasaina araka izay tiany izany, fa tolotra manaraka ny fitoriana an'i Jesosy-Kristy, ilay Voahombo, izay nanaisotra ny fahotan'izao-tontolo-izao, amin'ny maha Zanak'ondrin'Andriamanitra Azy. Ny baiko nomen'ny Tompo an'ireo apostoly dia: «**mba hotorina amin'ny**

Anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny firenena rehetra...» (Lioka 24:47; Asa 13:38).

Taorian'ny firotsahan'ny Fanahy Masina sy ny fitsanganan'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao, ny toriteny voalohany, ny andro Pentekosta, ao amin'ny Asan'ny apostoly toko faha-2, dia nanohina ny fon'ny maro tamin'ireo mpihaino, izay nanontany hoe: «*Ry rahalahy, inona no hataonay?*» Ary hoy Petera tamin'ireo hoe: «***Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina;***» ary «***Ary izay nandray tsara ny teniny dia natao batisa; ary tokony ho telo arivo no olona nanampy ho isany tamin'izany andro izany.***» (Andininy 37-41)

Raha ny amin'ny Fanavotana vita, dia izao no nosoratan'i Petera: «***Fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondran-tena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana, fa ny rà soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina;***» (1 Petera 1:19). Ireo apostoly, sy ireo rehetra tena mpanompon'Andriamanitra marina, dia nitory ny Filazantsara, izany hoe ny famelan-keloka sy ny fihavanana amin'Andriamanitra, ary afaka izy ireo hiteny amin'ireo rehetra izay mino hoe: «Efa navela ny helokareo amin'ny Anarany!» Fa ireo izay tsy mino dia tsy afa-keloka (Marka 16:16; Jaona 21 ;23). Indrisy, fa nomena dikany maro samihafa ny Tenin'Andriamanitra, ary novana avokoa ireo fampianarana sy fampiharana rehetra. Ireo fandikana vilana rehetra ireo dia avy tamin'ny tsy fahazoana tsara ny andalana sasany ao amin'ny Soratra Masina. Araka ny nandaminan' Andriamanitra ny Famonjena, ny lohahevitra rehetra sy ny fampianarana ara-Baiboly rehetra, dia tsy maintsy mifototra amina vavolombelona roa na telo, na mihoatra, andalana ao amin'ny Baiboly (2 Kor.13:1).

Làlam-pahafatesana iray

Ireo rain'ny fiangonana kristiana, izay mpanompo andriamani-tsy-izy taloha, dia tsy afaka tamin'ireo finoanoampoana sy fanompoan-tsampy grika. Hita fa sady tsy nahafantatra izy ireo no tsy niraharaha ny Testamenta Taloha. Noho izany dia nadikany araka ny saim-pantany ny Testamenta Vaovao. Satria ireo Jiosy tsy afaka nanaiky ny fampianarany

ny “telo-izay-iray”, dia nolatsainy sy nenjehany ho mpamono an’i Kristy sy mpamono Andriamanitra, ary nozoniny tamin’ny raikipohy vao noforononiny, “amin’ny anaran’ny Ray, Zanaka, Fanahy”. Tamin’ny taona 321 sahadry, dia efa norarana tamin’ny alalan’ny didim-panjakana izy ireo tsy hankalaza ny Sabata, kanefa Andriamanitra mihitsy no nanome izany azy: «**...Dia hotandreman’ny Zanak’Isiraely ny Sabata hankatoavany azy hatramin’ny taranany fara mandimby, dia fanekena mandrakizay izany, ho famantarana amiko sy amin’ny Zanak’Isiraely mandrakizay izany; fa tamin’ny henemana no nanaovan’i Jehovah ny lanitra sy ny tany, ary tamin’ny andro fahafito dia nitsahatra Izy ka niala sasatra.**» (Eksodosy 31:12-18). Nisy aza synagogan’izy ireo sasany no navadika ho tranon-dambo. Tamin’izany fotoana izany no nanomboka ny fankahalana ny Jiosy, nafafin’ny fiangonana, izay mbola velona ankehitriny, ary tsy nitsahatra nitombo habibiana, ka indraindray nihoam-pampana, nahatonga hetsibahoaka firotahana jiosy, tamin’ny fitondran’i *Hitler*, 1933-1945, izay ny fandorana velona vahoaka jiosy marobe [*Holocauste*], nandritra ny “*troisième Reich*”, no teboka avo indrindra.

“Ho fanajana ny telo-izay-iray masina”, dia famonoana olona hafa finoana an-kabibiana mahatsiravina no natao. Nandritra ireo tafika fito (*croisades*) (nanomboka ny taona 1095 ka hatramin’ny 1270, taorian’i J.K), dia an-tapitrisany maro ireo olona novonoina tamin’ny anaran’ny “Andriamanitra telo-izay-iray”. Ny 27 Novambra 1095, dia nandidy ny Pàpa *Urbain*, ny handroahana ireo “tsimpino” tivelan’i Jerosalema, sy ny nambaboana ireo toerana masina, dia nihiaka ny vahoaka hoe «*Deus lo vult!*», izany hoe «Izany no sitrapon’ Andriamanitra». Ny Zoma 15 Jolay 1099, dia nanomboka ny famonoam-bahoaka, nataon’ireo mpiantafika, tao Jerosalema. Niisa 80000 ny fitambaran’ireo Jiosy, sy Silamo, ary hafa finoana, novonoin’ireo mpiantafika. Ary izany rehetra izany, ho fanomezam-boninahitra “ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina”!

Ny nokendrena tamin’izany dia ny hanafoanana ny fiandrianan’ireo Silamo tao Jerosalema, sy ny hampijoro ny fahefan’ny fiangonana (*eklezia*). Ny fialantsininy tamin’izany dia ny fifantohany tamin’ny voalazany hoe “trano-fiangonan’ny fasana”, izay teo afovoan’ny tanàna. Saingy, ny fasana foana an’i Kristy, raha ny marina, dia eny ivelan’ny tanàna. Izany no voalazan’ny evanjelisitra Jaona: «*Ary nisy saha teo*

amin'ilay nanomboana Azy tamin'ny hazo fijaliana; ary teo anatin'ilay saha nisy fasana vaovao, izay tsy mbola nandevenana olona.» (Jaona 19:17+41; Mat.27:32). Tamin'izany fotoana izany no tokony efa teraka ny lamina maneran-tany kristiana vaovao iray ho notarihin'i *Godefroy de Bouillon*, dia ny "Fanjakan'i Jerosalema".

Ny tabilao manaraka no ahitantsika ny isan'ireo olona nitondra faisana noho ireo mpiantafika.

Tafika	Olona nalefa niady	Olona sisa taorian'ny ady
1. Tafika voalohany (1096/99)	330 000	40 000
2. Tafika faha-2 (1147/49)	240 000	90 000
3. Tafika faha-3 (1189/92)	350 000	280 000
4. Tafika faha-4 (1202/04)	30 000	-
5. Tafika faha-5 (1228/29)	70 000	60 000
6. Tafika faha-6 (1248/54)	25 000	10 000
7. Tafika faha-7 (1270)	25 000	10 000
Totaliny	1 070 000	490 000

Loharano: *Alfred Laple*, Tantaran'ny Fiangonana an-tsary (*Histoire de l'glise illustre*)

Tsy mifanaraka ny hevitra ny olona mikasika ny isan'ireo maritiora, matin'ny voalaza fa "Fanadihadiana masina" (*Sainte inquisition*), teo anelanelan'ireo taonjato faha 13 sy 18. Ny azo antoka kosa dia an-drivony maro izy ireo. Rehefa nisy Jiosy maro maty nodorana nanerana an'i Eropa manontolo, dia nandositra ny sasany, ary ireo izay tsy nanaiky ny finoana katolika dia tsy maintsy niala tany *Espagne*, talohan'ny 31 Jolay 1492. Rehefa izany, dia nambara fa tsy nisy Jiosy intsony tany *Espagne*.

Nandritra ny "*Alin'i Bartholome*", ny 23 alina nifoha 24 Aogositra 1572, no nanomboka ny fandranganana an'ireo *Huguenots*, tany Frantsa. Tamin'ireo taonjato faha 16 sy 17, nandritra ny "fanoherana ny reformasiona", izay nanomboka tamin'i *Ignace de Loyola* (1491-1556) dia an-drivony maro ireo protestanta no voatery nitsoaka niala ny

fireneny, tamin'ny fomba henjana, ary maro araka izany ireo namoy ny ainy. Satria, araka ny re hatrany, tsy an-kiato, dia “tsy misy famonjena ivelan'ny fiangonana“. Ny fiangonana iray nihoson-drà betsaka toy izany ve mbola afaka hiambo fa an'i Kristy sy Andriamanitra-fitiavana? Manontany ireo mpitoritenin'ny fifohazana, hoe: mba iza àry ilay tanàna voatondron'ny Apokalypsy 18:24 , hoe: «...*Ary teo anatin'ny no nahitana ny ran'ny mpaminany sy ny olona masina sy izay rehetra novonoina teny ambonin'ny tany.*»?

Raha atao ny fampitahana amin'ny an-tsipirihany, dia tsy misy mifanaraka, na amin'Andriamanitra, na amin'ny Tenin'Andriamanitra, na amin'ny Fiangonana voalohany, ny ao amin'ny fiangonampanjakana, izay teraka tao amin'ny Fanjakambe romana, tamin'ny taonjato fahefatra. Ary izany, indrindra rehefa nisaraka ny fiangonana grika tatsinanana sy ny fiangonana latina tandrefana, tamin'ny 1054, izay nipoiran'ireo fiangonana katolika sy ortodoksa tato aoriana. Samy namorona ny fombafombany avy izy roa, tsy niraharaha izay voalazan'ny Baiboly, izay nambaran'i Petera, Jaona, Paoly, izay nampianarin'izy ireo sy nampihariny, amin'ny maha iraka voamarina azy ireo. Ohatra izao, ireo niandohana ireo tsy mba nankalaza olona maty iray ho masina. Ny Tompo mihitsy aza, tsy mba nitondra ny Hafatra nentiny afa-tsy tamin'ireo mbola velona, anisan'izany ireo “fahasambarana“ sivy, (Matio toko faha 5): «*Fa sambatra ny masonareo, fa mahita, ary ny sofinareo, fa mandre.*» (Matio 13:16)

Voaran'ny Soratra Masina mafy ny fifandraisana amin'ny maty (*Lev.19:31*). Rehefa nahavita ny adidiny tsy nanam-paharoa i Maria, niteraka an'i Jesosy-Kristy, dia voatonona indray mandeha farany ao amin'ny Asan'ny apostoly, niaraka tamin'ireo 120, izay niandry ny firosahan'ny Fanahy Masina tao Jerosalema. Ho an'ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy, izy dia tsy mpanalàlana, na “mpifona“. Ary, tao amin'ny Kristianisma voalohany, tsy mba nisy fitanisa “*Ave Maria*“. Ny Soratra Masina tsy mba manambara fiakarana velona any an-danitra, afa-tsy ny an'ny Mpanavotra (*Lioka 24:50-52; Asa 1:11*), fa tsy misy fampiakarana an'i Maria ao.

Ny batisa

Hita marimarina, fa raha tsy misy fanambaran'Andriamanitra dia tsy misy koa ny fitarihana ara--Baiboly. Fa ny hisy dia adihevitra sy fandikana vilana. Izany no misy amin'ny lohahevitra ara-Baiboly rehetra, anisan'izany ny batisan'ny rano. Nahoana, nanomboka ny taonjato fahefatra, ny batisa dia tsy natao intsony toy ny nanaovan'i Petera tao Jerosalema (*Asa 2:38*), na i Filipo tao Samaria (*Asa 8:16*), ary Paoly tao Efesosy (*Asa 19:5*)? —Satria tsy azon'ireo rain'ny fiangonana fa amin'ny Anarana misy ny Famonjen'Andriamanitra no tokony anaovana batisa (*Asa 4:11*). Noho ny tsy fahafantarana tsara “Iza” Andriamanitra, ny didin'ny Tompo mikasika ny batisa, ao amin'ny Matio 28:19, dia novana ihany koa ho fanao ara-panjakana trinitera izay tsy misy ifandraisany na kely aza amin'ny dikany voalohany, kanefa dia mbola izany fanao izany no ampiharina ankehitriny.

Ny batisa ara-Baiboly dia ialohavan'ny toriteny, satria ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny avy amin'ny Tenin'Andriamanitra (*Asa 2; Rom.10:16, sy ny hafa*). Araka izany no nobaikoan'ny Tompo ao amin'ny iraka misionera nomeny: « **Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra Izay mino sy atao batisa no hovonjena...** » (Marka 16:15-16). Ny olona iray izay natao batisa dia manaiky fa nandray ny famelana ireo fahotany, amin'ny maha vao niova-fo azy.

Ny fitsikerana ny tantaran'ny fiangonana dia nanaporofa fa ny dika voalohany an'ny “baikon'ny batisa”, ao amin'ny Matio 28:19; dia toy izao: «**Noho izany, mandehana ary ampianaro ny firenena rehetra, ka ataovy batisa ireo amin'ny Anarako (onto onomati mou) ary ampianaro izy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo.**» izany no voatondro ambany pejy ao amin'ny “*Novum Testamentum Graece et Germanice*” an'i Nestle-Aland, fanontana taona 1973. Ny dika fantatra maneran-tany, “amin'ny anaran'i Ray, sy ny Zanaka, sy ny Fanahy Masina”, izay ampiasaina any amin'ny fiangonana rehetra, dia tsy hita na aiza na aiza, amin'ireo soratànana voalohany, araka ny nampisehoan'ireo mpitsikeran'ny fandinihana ny Baiboly. Ny fanamarihana ambany pejy amin'ny fandikan'i Lotera, dia milaza, ny amin'ny Matio 28:19: «fa ireo teny tena voadika dia: Noho izany, mandehana ary atovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny **Anaran'i** Ray, sy ny Zanakan ary ny Fanahy Masina, ary

ampianaro ireo hitandrina...». Tsy afaka isika hanao batisa amin'ny Anaran'Andriamanitra izay nisehoany tamintsika, toy ny Ray, tao amin'ny Zanaka, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, raha tsy voambara amintsika aloha io Anarana io. Ao amin'ny fandikan'i *Elberfelder*, toy ny ao amin'ny an'i *Menge*, izay dika alemana maro mampiasa indrindra, dia voasoratra koa hoe: «**Ataovy batisa izy ireo amin'ny Anarana...!**» Tena izany mihitsy no nataon'ireo apostoly ireo. Tsy nampiasaina io raikipohy "telo-izay-iray" io ao anatin'ny Baiboly, na indray mandeha monja aza. Hitantsika ny porofon'izany ao amin'ny dika alemana avy tamin'ny grika.

Tao amin'ny toriteniny voalohany, ny andro nanorenana ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao, dia tsy nanome fanazavana lavabe mikasika ny batisa i Petera, satria efa nandre ireo teny marina avy tamin'ny Mpampianatra izy, ary nazava taminy ny fomba hanatontosana ny batisa. Noho izany, araka ny iraka nampanaovin'ilay Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty, dia nobaikoany ireo rehetra izay nino **mba atao batisa amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy-Kristy** (*Asa 2:37-41*).

Raha vao nisy fotoana nety, dia nitory ny famelan-keloka indray izy: «*Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka.*» (Asan'ny Apostoly 10:43), ary koa ny batisa; «*Moa misy olona mahazo mandrara ny rano tsy hanaovana batisa ireo, izay efa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa? Dia nasainy natao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy izy...*» (Asan'ny Apostoly 10:47-48). Rehefa nandre ny fitorian'i Paoly, na ireo mpianatr'i Jaona-mpanao-batisa aza dia nino an'i Jesosy-Kristy, ary nanaiky natao batisa indray: «*Ary raha nahare izany izy, dia natao batisa ho amin'ny anaran'i Jesosy Tompo. Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany.*» (Asan'ny Apostoly 19:5-6). Ireo apostoly sy ireo mpino rehetra tao amin'ny kristianisma voalohany dia nahafantatra fa amin'ilay *Anarana* misy ny Famonjena no tsy maintsy anaovana ny batisa.

Tsy misaraka ny finoana, sy ny batisan'ny rano, ary ny batisan'ny Fanahy Masina. Ny batisan'ny rano no anehoan'ilay niova fo ho mpino ny finoany an'Andriamanitra. Ny batisan'ny Fanahy Masina kosa no anamarinan'Andriamanitra ilay niova fo lasa mpino. «**Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy**

na jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray.» (1 Korintiana 12:13)

Ireo mpanoratra tantara rehetra dia samy milaza fa hatramin'ny kristianisma voalohany ka hatramin'ny taonjato fahatelo, dia tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy-Kristy irery ihany no nanaovana batisa, nasitrika an-drano indray mandeha. Hoy ny apostoly tamin'ireo mpino tany Roma: «*Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany? Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika* [izany hoe nasitrika an-drano {*baptismo*}], *mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao.»* (Romana 6:3-4), «*fa niara-nilevina taminy ianareo tamin'ny batisa...*» (Kolosiana 2:12)

Izao no tantaraina amintsika ao amin'ny Asa 8:38: «*Dia nasainy najanona ny kalesy; ary izy roa lahy, dia Filipino sy ilay tandapa, nidina ho eo amin'ny rano; dia nataony batisa izy.»* Jaona mpanao batisa ihany koa dia nanao batisa *tao* amin'i Jordana (fa tsy teo amoron'i Jordana): «*Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin' Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny.»* (Matio 3:16)

Ny taona 337, raha teo am-pandriany i *Constantin* amperora, niandry ny fahafatesany, tao amin'ny lapan'i *Ankyron*, dia notsipazan'ny eveka *Eusebe* rano intelo ny andriny sady nampiasany ny raikipohy “telo-izay-iray”. Batisa ve izany? Nilaza ny tenany ho lasa kristiana tamin'izany fomba izany i *Constantin*, kanefa mbola niankohoka tamin'i *Sol*, ny andriamanitry ny masoandro *Sol*, hatramin'ny fahafatesany. Ny raikipohin'ny batisa trinitera dia zavatra nampian'ireo rain'ny fiangonana, ireo izay nanjary jamba ara-panahy, satria tamin'ny fotoanany no nampidirana ny fampianarana trinitera. Nifanaraka tsara tamin'ny famoronana ny fampianarana trinitera mantsy ny batisa amin'ny raikipohy “telo-izay-iray”, mba ho mora ekena sy inoan'ny olona izany. Izany no atao hoe “fanekena ny batisa romana”.

Ireo rain'ny fiangonana ireo, tamin'ny taonjato faha 3 sy faha 4, sy ireo teolojiana tato aoriana, raha mba nampihatra ny baikon'ny batisa, toy ny nataon'i Petera ny andro Pentekosta (*Asa 2*), na toa an'i Paoly

taoriana (*Asa 19:5*), dia tsy ho nisy mihitsy ny fifandirana mikasika izany. Saingy, tsy nisy tamin'ireo rain'ny fiangonana ireo no afaka nanambara fa tena niova fo ho an'i Kristy, na niaina traikefan'ny Famonjena, ary vao mainka, indrindra nahazo iraka tamin'Andriamanitra.

Tsy misy ao amin'ny Baiboly izany dogma trinitera an'olona telo velona mandrakizay izany; ary tsy misy toy izany koa ny batisa trinitera. Tsy misy andalana, na tokana aza, ahitana olona nampiasa ny raikipohy «amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina» —**tsy misy na tokana aza!** Ny vavaka, sy ny zavatra hafa rehetra dia natao tamin'ny Anaran'i Jesosy-Kristy Tompo, satria izany no nandidiana ireo tena mpino marina, ao amin'ny Kolosiana 3:17: , «**Ary na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany...**»

Ny raikipohy “telo-izay-iray” dia ampiasaina any amin'ny fiangonana rehetra, mandritra ireo fombafomba sy lanonana ara-pivavahana rehetra. Ampiasaina ihany koa io amin'ny fidirana amin'ireny fikambanana manokana ireny [*“ordre” na “loge”*], ary na amin'ny fivoriana iresahana amin'ny maty ireny aza [*spritisme*], sy ireo fomba miafina rehetra [*occultisme*] amin'ny ankapobeny. Tsy ara-Baiboly izy io, koa tsy hafa fa fanoherana ny Baiboly. Tsy avy amin'Andriamanitra izy io, koa tolotsaina sandoka no niaviany, sady famitahana. Tokony hisaintsaina izany ny tsirairay, anisan'izany ireo karismatika izay mampiasa ny Anarana “Jesosy-Kristy” ivavahany ho an'ny marary, saingy mandà mafy dia mafy ny atao batisa amin'ny Anaran'ny Tompo-Jesosy-Kristy.

Kanefa moa, tsy maintsy misy koa ny kristy sandoka sy ny mpaminany sandoka, mba ahatanteraka izay nolazain'ny Tompontsika hoe: «*Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka.*» (Matio 7:22-23)

Iza no afaka hanazava ny anton'ny hanjakan'ny fisalasalana, ao amin'ny kristianisma manontolo, mikasika ireo fampianarana fototra —toy ny maha-Andriamanitra, ny batisa ary ny Fanasan'ny Tompo— kanefa ireny dia voaseho mazava tsara avokoa ao amin'ny Baiboly?

Izany no misy, tsy noho ny inona, fa satria tsy nijanona tao amin'ny fampianaran'i Kristy sy ireo apostoly ny olona. Indrisy, nandritra ireo taonjato voalohany, ny fanambarana tena marina toy ny nandraisan'ireo apostoly azy, dia efa nanjavona sahady tao amin'ny kristianisma. Nisy fotokevitra hafa, ara-politika sy ara-pivavahana no nampidirin'ireo rain'ny fiangonana.

Ilay teolijiana malaza, *Hans Küng*, ihany koa dia namelabelatra mikasika io lohahevitra lehibe io, ao amin'ny bokiny, "Ny Kristianisman", miaty pejy maherin'ny arivo. Ao amin'ny pejy 126, izy dia manontany hoe: «**Aiza ao amin'ny Testamenta Vaovao no misy resaka "telo-izay-iray"?**» Ary nampiany avy eo hoe: «**Tsy misy fampianarana "telo-izay-iray" ao amin'ny Testamenta Vaovao, na tokana aza.**» Izy ihany koa dia nifototra tamin'ny «*Comma Johanneum*»: «*Misy telo any andanitra izay manambara, dia ny Ray, sy ny Teny, ary ny Fanahy-Masina, ary ireo telo ireo dia iray.*», ary azavainy hoe: "**Kanefa ny fandinihana am-pitsikerana ny tantara dia nahitana fa io fehezanteny io dia fanadisoana tonga avy tany Afrika avaratra, na *Espagne*, tamin'ny taonjato fahatelo na fahefatra. Ary tsy nahasoa akory ny fanjakana romana mpanao fanenjehana ny hafa finoana, ny niarovany io fehezanteny io ho marina, tamin'ny fiandohan'ny taonjato iainantsika. Raha lazaina mazava, dia inona no dikan'izany —ao amin'ny jodaïsma sy kristianisma, ary na ao amin'ny Testamenta Vaovao manontolo aza— fa tsy ny tena fisian'ny finoana an'Andriamanitra Ray, an'i Jesosy, Zanaka, ary an'ny Fanahy-Masin'Andriamanitra, saingy tsy misy fampianarana, na tokana aza, milaza Andriamanitra misy persona telo (olona telo miavaka tanteraka), tsy misy fampianarana "Andriamanitra telo mitambatra", tsy misy "telo-izay-iray".» (Pejy 126-127)**

Ny Fanasan'ny Tompo

Ny fankalazana ny Fanasan'ny Tompo ihany koa dia tafidirana fampianarana avy tamin'ny fanompoan-tsampy. Tsy mahagaga izany, satria talohan'ny Reformasiona aza, ary taoriana, dia tsy nitsahatra nisy ny adihevitra nikasika azy io.

Raha te-ahafantatra tsara ny tena dikan'ny Fanasan'ny Tompo, dia tsy maintsy mamaky ireo andalan'ny Soratra Masina milaza izany. Ny

Fanasan'ny Tompo dia nantsoin'ireo mpino voalohany fotsiny hoe: "mamaky mofo". Ao an-trano fonenan'olona izy ireo no mivory manao izany (*Asa 2:42-47; Asa 20:7*) Nandritra ny fankalazana ny Paska no nametrahan'ny Tompontsika io Fanasana io (*Jaona 13, Mat.25, Marka 14*). Ao amin'ny Eksodosy 12, tamin'ny nanomezany ny torolàlana mikasika ny Paska voalohany, Jehovah-Andriamanitra no niantso voalohany ny vahoakan'Isiraely ho "fiangonana" (*Eklezia = voantso hivoaka tao*). Tsy maintsy nisy aloha zanak'ondry iray novonoina, ary ny rà tsy maintsy natentina ireo tolam-baravarana mba ho fiarovana azy ireo: **«Ary ny rà dia ho famantarana [fiarovana amin'ny teny allemand – N.d.t] ho anareo eo amin'ny trano izay itoeranareo; ary raha mahita ny rà Aho, dia handalo anareo...»** (Eksodosy 12:13). Nandrahoina ny henan'ny zanak'ondry, ary nohanina niaraka tamin'ny mofo tsy misy masirasira. Noraisin'i Paoly apostoly ho fototra izany, raha nanoratra izy, ao amin'ny 1 Korintiana 5:7, hoe: **«Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo, araka izay tsy maha-misy masirasira anareo, fa voavono Kristy, Paska ho antsika.»**

Ao amin'ny Jaona toko faha 6, dia mahita isika ilay fanoharana izay ampitahan'ny Tompo ny tenany amin'ny mofo: **«Izaho no mofon'aina... Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra** (Voalohany, mofo Izy, avy eo dia omeny izany); **raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao... »**; **«... Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny ràny ianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo.»**; **«... raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy»**

Ao amin'ny Matio toko faha 26, ireo mpianatra dia nanontany hoe: **«Aiza no tianao hamboarinay hihinananao ny Paska?»** (Matio 26:17). **«Ary raha mbola nihinana izy, dia nandray mofo Jesosy, ka nony efa nisaotra Izy, dia novakiny ka natolony ny mpianatra, ary hoy Izy: Raiso, hano, ity no tenako.»** (Matio 26:26). Ary indro ny andininy 27: **«Ary nandray ny kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy ka nataony hoe: Sotroinareo rehetra ity »** Tamin'izay ihany Izy vao niteny hoe: **«fa ity no rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka.»** (Jereo koa Marka 14:24-25). Ary nihinana ny mofo sy nisotro ny divay izy ireo. Hoy ny Tompo mikasika ny divay tao amin'ny kapoaka, hoe: **«Ary lazaiko aminareo fa hatramin'izao**

dia tsy mba hisotro itony vokatry ny voaloboka itony intsony Aho mandra-pihavin'ny andro hiarahako misotro izay vaovao aminareo any amin'ny fanjakan'ny Raiko.» (Matio 26:29)

Nandrotsaka ny Ràny ny Mpanavotra, nanolotra antsika, araka izany, ny famelana ireo fahotantsika sy ny fihavanana indray amin'Andriamanitra. **Ny mofo sy ny divay dia sady tsy mety no tsy ilaina hovaina; sady tsy afaka no tsy ilaina hatolotra ho sorona fanindroany Kristy, satria indray mandeha monja no nanaovana izany.** Araka ny Drafy-panavotan' Andriamanitra, Izy dia «...niditra indray mandeha ho any amin'ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay.» (Hebreo 9:12). Amena

Ny fisainana fototra dia efa tao amin'ny Levitikosy 17:11: **«Fa ny ain'ny nofo dia amin'ny rà...»** Tao amin'ny Ràn'ilay Mpanavotra ny fiainana mandrakizay an' Andriamanitra. Ary ny Fiainana mandrakizay, izay tao amin'ny Zanakalahin'Andriamanitra ihany (1 Jaona 5:11-13) no ao amin'ireo rehetra navotan'ny rà'n'ny Zanakalahin' Andriamanitra, ka nateraky ny Teny sy ny Fanahy indray (Jaona 3:3; Jak. 1:18; 1 Pet.1:23). Fomba mety azon'ny rehetra no nanoratan'i Paoly izany, ao amin'ny 1 Korintiana 10:16-17: **«Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny ran'i Kristy va izany? Ny mofo izay vakintsika, tsy firaisana amin'ny tenan'i Kristy va izany? Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika na dia maro aza; fa isika rehetra dia samy mandray amin'izany mofo iray izany avokoa.»**

Ao amin'ny 1 Korintiana 11:23-34, dia hoy ny apostoly hoe: **«Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo ianareo mandra-pihaviny. Koa na zovy na zovy no mihinana ny mofo sy misotro amin'ny kapoaky ny Tompo amin'ny fanahy tsy mendrika, dia ho meloka ny amin'ny tena sy ny ran'ny Tompo izy.»** (andininy 26-27). Ny fankalazana ny Fanasan'ny Tompo dia teboka avo indrindra ao amin'ny fotoam-panompoana iray. Mandini-tena eo anatrehan'Andriamanitra ny tsirairay, ary mangataka famelan-veloka. Amin'ny fifantohana tanteraka, sy fivavahana ary fangovitana no ankalazana ny Fanasan'ny Tompo, ho fahatsiarovana ny fanolorany ny Tenany ho sorona, sy ny Ràny masina izay narotsany ho antsika. Ny mofo tsy misy masirasira dia isaorana ny Tompo amim-bavaka, eo anatrehan'ireo mpivory, ary vakiana, dia zaraina. Isaorana ny Tompo

am-bavaka ihany koa ny kapoaka feno divay, dia omena ny rehetra. Toy izany ny fampiharan'ireo kristiana voalohany izany, ary toy izany no nampitana azy tamin'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao.

Fiverenana amin'ny Teny Fiverenana amin'ny fiandohana

«Fa ny tenin'ny Tompo maharitra mandrakizay. Ary izany no tenin'ny Filazantsara izay notorina taminareo.» (1 Petera 1:25)

Rehefa nandalo ireo taonjato maro, nampihorohoroana sy nanjakazakan'ny fiangonam-panjakana tamina vahoaka sy firenena maro, dia nitsioka ny rivo-baovao ara-panahy iray, nitaona ny olona hiverina ao amin'ny Baiboly, tamin'ny fiafaran'ireo taonjato anelanelany (Moyen Age).

Tamin'ireo fifohazam-panahy rehetra, taloha sy taorian'ny Reformasiona, ireo olona izay nino ny Baiboly dia nandao ny fiangonam-panjakana, ka nohenjehan'ity farany. *John Wyclif (1321–1384)* izay nandika ny *Vulgate* tamin'ny teny anglisy, dia nahalala ny dikan'ny Tenin'Andriamanitra, ary nanambara ampahibemaso izy hoe: **“Amiko, dia tsy misy azo ekena, afa-tsy izay voasoratra ao anatin'ny Baiboly!”** Nanohitra ny fitondran'ny Pàpa izy, ary 30 taona taorian'ny nahafatesany izy no mbola nolazaina hoe *hérétique* (mpanohitra ny fiangonana). *Jan Hus (1370–1415)* ihany koa, rehefa nahazo tolotsaina tamin'ny Baiboly, dia nitory ary nanambara ny fandavany ny fananan'ny Pàpa zo amin'ny firenena rehetra. Ny Baiboly irery, taminy, no fahefana mahefa amin'ny zavatra rehetra mikasika ny finoana. Araka izany no nanoratany, raha namelabelatra ny Jaona 8:21-32 izy, hoe: **“Katsaho ny fahamarinana, henohy ny fahamarinana, ianaro ny fahamarinana, tiavo ny fahamarinana, teneno ny fahamarinana, hazony ny fahamarinana, arovy hatramin'ny fahafatesana ny fahamarinana !»**. Rehefa noheloin'ny klerjin'ny konsilin'i *Constance* izy, ny 6 Jolay 1415, dia teo ambony antontan-kitay nirehitra izy no nanolotra ny fanahiny an'ny Jesosy-Kristy Mpanavotra azy, sady nangataka famelan-keloka ho an'ireo fahavalon'ny fahamarinana.

Nolavin'i *Martin Lotera* ny fivarotana *indulgences* fanaon'ny pàpa, ary nitory izy ny fibebahana sy ny fanamarinana amin'ny finoana. Tamin'ny 1520 sahadry izy dia efa namoaka ny boky iray nikasika

ny “Figadrana babyloniana mahazo ny fiangonana“, ary nanome ny heviny izy, nilaza fa tsy ny sakramentan’ny fiangonana no mahavonjy, fa ny finoana an’i Jesosy-Kristy irery. Ho azy dia tsy nisy afa-tsy ny Soratra Masina (*Sola Scriptura*). Tao amin’ny *diète*, tao *Worms*, ny 18 Aprily 1521, rehefa nahavita ny lahateniny i Lotera dia nilaza izao teny malaza izao: **«Fa izaho dia tsy matoky ny pàpa, na ny konsily, noho ireo matetika diso hevitra, sy nifanohitra izy samy izy. Izany no toetro. Ka raha tsy maharesy lahatra ahy ianareo amin’izay ambaran’ny Soratra Masina, na hevitra marina, na ireo andalantSoratra Masina notononiko, dia sady tsy afaka aho, no tsy tehitsipaka na inona na inona amin’izay nosoratako, satria sady tsy araka ny fahendrena rahateo, no tsy mahasoana ny hihetsika mifanohitra amin’ny fieritreretana tena. Andriamanitra anie hitahy ahy, Amena!»** Teo amin’ny teboka avo indrindra, tao amin’izany adihevitra ara-pivavahana izany, dia ilay mpanao reformasiona no lasa mpitondratenin’Andriamanitra, nanohitra ny pàpa sy ny fiangonana.

Tany Suisse, tao *Zurich* ny taona 1531, dia nahazo fandresena ny reformasiona notarihin’i *Huldreich Zwingli*. Nandray anjara tamin’ny faninterahan’izany i *Jean Calvin*, tao *Geneve*, ny taona 1536. Izy roalahy ireo, sy ny maro hafa koa no nampihetsika ny fifohazampanahy “protestanta“ nanerana an’i Eropa manontolo. Ireo izay niova fo, ka nantsoin’ily fiangonana hoe “jiolahy“ dia niangona teny rehetra teny, nanao fivoriam-bavaka. Nisy fikambanana madinidinika niforona, anisan’izany indrindra ny hetsika *anabaptiste*, izay nantsoina “sekta“ ka nohenjehina.

Saingy tsy voasakana intsony ny fanavaozana, ary voambara lalindalina kokoa hatrany ny Soratra Masina, ary niha nazava hatrany ny fitorian’izany, nandritra ireo fifohazana tao amin’ireo taonjato nifanesy. Mpitoritenin’ny fifohazana maro no nitsangana, toa an’i *Comte de Zinzendorf* ho an’ny fiangonan’ireo “*Frères moraves*“, *Jhon Wesley* ho an’ireo Metodista, *Jhon Smyth* ho an’ireo Batista, *Menno Simons* ho an’ireo Menonita, *William Booth* ho an’ny “*Armée du salut*“, sy ny maro hafa koa. Ireo mpitoriteny rehetry ny Fahamarinan’ny Baiboly ireo dia nitovy hevitra nikasika ilay mitonona ho solontenan’i Kristy, manjakazaka ambonin’ ny fahefana rehetra eto amin’ny tany, ary manandra-tena ambonin’izay rehetra atao hoe Andriamanitra, na iankohofana, izay nantsoin’i Paoly hoe “zanaky ny fahaverezana“ (*2.Tes.2*). Nosoritan’izy

ireo fa ny Teny tsy mahafantatra izay atao hoe “solontenan’i Kristy” (*Vicarius Filii Dei*), na izay “mpandimby an’i Petera”; ary nosoritany koa izay nolazain’ny Tompontsika ao amin’ny Matio 23:9: «*Ary aza milaza olona ety an-tany ho rainareo* (vao mainka koa hoe “ray masina”); ***fa iray ihany no Rainareo, dia Izay any an-danitra.***»

Tsy maintsy misy milaza izany

Fantatry ny rehetra fa ireny fivavahana ireny dia nandray fahefana mifehy vahoaka sy firenena manontolo: Etsy, ny kristianisma, eroa ny Silamo, erỳ ny indoïisma na ny bodisma. Araka izany, ny atsimon’ny Eropa, hatramin’i *Italie* ka hatramin’i *Espagne sy Portugal*, dia voafehin’ny katolisisma, raha ny avaratra kosa, hatrany *Suede, Norvege, sy Finlande*, dia ny protestanta no maroanisa. Raha ny an’i Amerika avatra, dia hitantsika fa Etazonia sy *Canada* dia voatentin’ny protestantisma ihany koa, fa ireo firenena an’ny Amerika atsimo sy ny Amerika afovoany, dia voatentin’ny katolisisma. Any *Inde*, amin’ny ankapobeny, dia ny indoïisma no manjaka. Ao amin’ny *Moyen Orient* manontolo, dia ny silamo, ary any Azia dia ny bodisma no maroanisa. Ny itovizan’ireo fivavahana rehetra ireo dia ny tsifananany teny fikasana avy amin’Andriamanitra, koa tsy manam-pitohizana Aminy. Noho izany, dia tsy maintsy lazaina mazava tsara hoe: **ny famonjen’Andriamanitra dia tsy ao amina fivavahana na fiangonana, na tokana aza, fa ao amin’i Jesosy-Kristy irery ihany.** Ireo fampanatenan’olombelona rehetra mikasika ny lanitra sy ny Paradisa dia tsy misy ifandraisana amin’Andriamanitra. Tsy misy afa-tsy ilay Tokana, dia ny Mpamonjy, Izy ihany, no afaka milaza hoe; «***Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa.***» (Lioka 23:43)

Tsy misy amin’ireo mitonon-tena ho fiangonana kristiana ireo no ilay Fiangonana naorin’i Kristy, ilay Mpanavotra; na ny katolika, na ny ortodoksa, na ny anglikana, na ny loteriana, na ny kalvinista, na koa ny kopta, sy ny hafa. Fa kosa, ohatra, ekena fa ny pàpa no filohan’ny fiangonana katolika romana, ny patriarka no filohan’ny fiangonana ortodoksa, saingy ireo tsy filohan’ny Fiangonan’i Jesosy-Kristy. Miharihary fa ny arsevekan’i Canterbury no filoha ara-panahy an’ny fiangonana anglikana, kanefa tsy filohan’ny Fiangonan’i Jesosy-Kristy izy. Toy izany avokoa amin’ireo fivavahana kristiana rehetra, na misy fihavahana aza amin’ny samy izy, izay manaiky avokoa ny

fanehem-pinoanan'i *Nicée-Constantinople*, ikambanany amin'i Roma. Araka an'ny *encyclopédie Wikipedia*, ny fepetra anekena ho singan'ny vondrona protestanta, eo anivon'ny "Filankevitra ekiomenika an'ny fiangonana maneran-tany" voalohany, dia **ny fanehem-pinoana amin'ilay Andriamanitra trinitera, voalazan'ny Soratra Masina, araky ny anehoan'ny Famantaran'i Nicée-Constantinople izany finoana izany.**»

Fa izany dia tsy fanekempinoanan'ny Fiangonan'ny Andriamanitra velona. Ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy dia mino Andriamanitra tokana, araka ny tena anambaran'ny Baiboly izany. Ao aminy no misy ireo mpino ara-Baiboly, amin'ny fotoana rehetra, amin'ny firenena rehetra, sy vahoaka ary fitenim-pirenena rehetra. Ny Tompo, Izy mihitsy, no niteny hoe: **«Ny fanjakako tsy avy amin'izao-tontolo-izao...»** Tsy fivavahampanjakana iray nifaneken'ny olona ny Fiangonan'ny Andriamanitra velona, fa Izy dia ny Vatan'i Kristy, araka ny voasoratra, hoe **«Janareo no Tenan'i Kristy, ka samy momba ny Tenany avokoa araka ny anjaranareo avy.»** (1 Korintiana 12:27). Jesosy-Kristy no Lohan'io tena Fiangonan'ireo voavotra io (*Efesiana 4:15*); ary ny Baiboly irery no fahefana tokana ao Aminy, amin'ny maha Tenin'Andriamanitra azy.

Ny tena finoana marina

«Izay tsy mino an'Andriamanitra dia efa nampandainga Azy...»
(1 Jaona 5:10)

«Sanatria izany! Aoka Andriamanitra no ho marina, fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga; araka ny voasoratra hoe: Mba hohamarinina amin'ny teninao ianao, Ary hahery, rehefa tsaraina»
(Romana 3:4)

Izao no voalaza mikasika an'i Abrahama: **«Abrahama nino an'Andriamanitra, ka dia nisaina ho fahamarinany izany.»** (Romana 4:3, Gal.3:6). Abrahama no ohatra tsara indrindra amin'ny finoana marina: Tsy mety hisy ny tena finoana afa-tsy raha afaka miresaka amin'ilay olona manokana Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Teniny. Tonga ny tsifinoana raha vao ny olona mamela ny fahavalo hisalalala mikasika ny zavatra lazain'Andriamanitra ao amin'ny Teniny. Na ny finoana, na ny tsifinoana, dia samy nanomboka tao Paradisa. Rehefa avy niteny tamin'i Adama Andriamanitra, dia nitaomin'i Satana i Eva

niadihevitra mikasika izay nolazain'Andriamanitra. Hatrany hatrany Satana dia mandray izay voalazan'Andriamanitra, ary mamafy fisalasalana izy, manampy, manaisotra, manolana, ary mandika vilana. Nyvokatr'izany, dia nytsifinoana, izay nitarikatamin'nytsifankatoavana, ka niafara tamin'ny famitahana sy ny fahotana voalohany. Nanatona ny Mpamonjintsika ihany koa Satana tamin'ny «Voasoratra hoe...» Izany no tena fakampanahy. Tsy mety hisy fakampanahy, fanangolena, ary fahadisoana, raha tsy efa nisalasalana ny Tenin' Andriamanitra. Saingy, novalian'ny Tompo izy, hoe: «Voasoratra koa hoe...» (*Mat.4:1-11; Mark 4:1-13*). Mety ho ara-Baiboly ireo lohahevitry ireo teolojiana, saingy izay lazainy mikasika izany dia mety hifanohitra tanteraka aminy. Raha misy olona maka andalana ao amin'ny Baiboly ka misalasalana dia ny fahavalo no te-handrombaka io andalana io mba hanatanterahany ny fakampanahy izay mahatonga ny fahalavoana. Ireo tena zanak' Andriamanitra dia mandray hatrany ny andininy manaraka, mba ahazava kokoa ny lohahevitra.

Ny Fiaviana voalohany sy faharoa an'i Kristy dia ampahany ao amin'ny Drafipanavotan'Andriamanitra

Tamin'ny Fiavian'i Kristy voalohany dia tanteraka tao amin'ny minisiteran'i Jaona mpanao batisa ny faminanian'ny Malakia 3:1: **«Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, izay hamboatra ny lalanao eo alohanao.»** (Matio 11:10; Lioka 7:27) **Ny teny fikasana izay tanteraka mialohan'ny Fiverenan'i Kristy dia ity: «Indro, Izaho haniraka an'i Elia mpaminany ho aminareo, dieny tsy mbola tonga ny andron'i Jehovah, ilay lehibe sady mahatahotra;»** (Malakia 3:23). Namarinin'ny Tompontosika izany taorian'ny minisiteran'i Jaona mpanao batisa: **«Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Elia dia avy ihany ka hampody ny zavatra rehetra.»** (Matio 17:11). Ao amin'ny Marka 9;12, dia namarinin'ny Tompo indray izany: **«Elia dia avy aloha ihany ka mampody ny zavatra rehetra.»**

Andalana maro ao amin'ny Baiboly no miteny mivantana ny amin'ny **“Fiverenan'i Jesosy-Kristy”**. Hatra tany am-piandohana, ny fiandrasana ny Fiverenany no efa ivotoeran' ireo lohahevitra ho an'ny mpino rehetra. Izany fiandrasana izany dia nifototra tamin'ny fampanantenana, izay Izy ihany no nanome azy, hoe: **«Ary raha handeha hamboatra fitoerana**

ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.» (Jaona 14:3)

Raha nanontany Azy ny amin'ny famantarana ny Fiverenany sy ny fiafaran'izao-tontolo-izao ny mpianatra (*Mat.24:3*), ny Tompo dia namaly tamin'ireto teny ireto: ***«Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany.»*** (Matio 24:14) Tsy mbola nisy hatrizay fotoana toy ny ankehitriny, izay ahatongavan'ny Filazantsara any amin'ny toerana lavitra indrindra, amin'ny alàlan'ireo hainoamanjery moderina. Raha ny marina, ny tanjona voalohany an'ny fitoriana ny Filazantsara feno dia ny **ahavonona ireo mpino amin'ny Fiverenan'i Jesosy-Kristy**, satria voasoratra hoe: ***«... ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.»*** (Matio 25:10)

Tamin'ny andron'ireo apostoly no efa lohahevitra voalohany ny **Fiverenan'i Kristy**, ary mbola izany ihany amin'izao androntsika izao. Nanoratra izao ny apostoly Paoly ao amin'ny epistiliny ho an'ireo Tesaloniana: ***«Fa inona moa no fanantenanay, na fifalianay, na satro-boninahitra reharehanay? Moa tsy ianareo eo anatrehan'i Jesosy Tompotsika amin'ny fihaviany va?»*** (1 Tesaloniana 2:19). Afaka namarana ny fijoroany vavolombelona tamin'ireto teny ireto ny apostoly Paoly: ***«Hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa.»*** (2 Timoty 4:8)

Antomotra loatra ny Fiverenan'i Kristy izao, ka ireo rehetra singan'ny Fiangonan'ny Tompo dia tsy maintsy miaina ny famonjena toy ny tany am-piandohana, ary tsy maintsy tafaverina amin'ny toerana voalohany izy ireo, eo anatrehan'Andriamanitra, araka ny Soratra Masina. Toy izany sahady no naminanian'ny apostoly Petera izany fahiny, raha niresaka ny amin'i Kristy sy ireo mpino izy: ***«Ilay tsy maintsy horaisin'ny lanitra mandra-pihavin'ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain'Andriamanitra ny mpaminaniny masina hatramin'ny voalohany indrindra.»*** (Asan'ny Apostoly 3:21). Mialoha ny Fiverenan'i Kristy, dia tsy maintsy ho tahaky ny tany am-piandohana eo anivon'ny Fiangonan'Andriamanitra velona: ny

toriteny voalohany sy ny toriteny farany, toy ny batisa voalohany sy ny batisa farany. Ny fampianarana rehetra sy ny fampiharana rehetra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo voalohany. Filazantsara iray ihany, finoana iray ihany, batisa iray ihany, no ambara ankehitriny manerana izao-tontolo-izao, ary ireo tena mino marina, toy ny voalazan'ny Soratra masina, dia miaina ny famelàna ny helony, ka atao batisa toy ny tany am-piandohana, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy-Kristy, dia mandray ny batisan'ny Fanahy Masina. **Izany no modely tokana apostolika marina (Asa 2:38-39; Asa 8:14-17; Asa 10:43-48; Asa 19:5-6) izay manan-kery anatrehan'Andriamanitra, hatramin'ny farany.**

Tsy tokony andalovana mangingina fotsiny izany

«Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandray izay hirahiko dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray izay naniraka Ahy.» (Jaona 13:20)

Toy ny niantsoan'Andriamanitra sy nanirahany an'i Abrahama, sy Mosesy, ary ireo mpaminany, no nanirahany koa an'i Jaona mpanao batisa, ary niantsoany manokana an'i Paoly, nanomezany azy iraka manokana ao amin'ny tantaran'ny famonjena ho an'ny Fiangonana manontolo. Io Andriamanitra io ihany, **Izy no nampanantena handefa mpaminany iray toa an'i Elia**, dieny mbola tsy hifarana ny andron'ny famonjena, ka hanomboka ny andron'ny Tompo (*Malakia 3:23*). Io teny fikasana ho an'ny fiafaran'ny andron'ny fahasavana izay iainantsika izao io dia efa tanteraka, mialohan'ny hihovan'ny masoandro ho aizaina sy ny volana ho rà (*Joela,2:31; Asa 2:20; Apok.6:12*). Ny 11 Jona 1933, dia nisy zava-mahagaga no nitranga, raha teo am-panaovana batisa olona 300 vao niova fo i *William M. Branham*, mpitoriteny batista, teo amin'ny renirano *Ohio*, taorian'ny fitoriana Filazantsara, tao *Jeffersonville*, any *Indiana-Etazonia*. Sahabo ho tamin'ny 2 ora folakandro, raha andeha hanao batisa ny olona faha-17 izy, dia nisy hazavana mahagaga, hitan'ireo olona an-drivony maro nanatrika teo, nijanona teo ambonin'ilay lehilahin' Andriamanitra, ary nisy feo heno nilaza tamin'ny teny anglisy, hoe: **«Toy ny nanirahana an'i Jaona mpanao batisa nanomana ny Fiavin'i Kristy voalohany, ny hafatra izay nomena entinao no hanomana ny Fiavian'i Kristy faharoa.»** Nanao tatitra mikasika an'io tranga io ny *“Associated Press”* tany Etazonia, sy tany *Canada*. Fantatry ny rehetra fa, taorian'ny ady lehibe

faharoa, nanomboka ny volana Mey 1946, dia i *William Branham* no nampiasain'Andriamanitra nipoiran'ny hetsika fifohazam-panahy sy fanasitranana.

Tamin'ny alàlan'ny ministeran'io lehilahin'Andriamanitra *William Branham* io, ny Tompo, Izy mihitsy, no namerina ny Vahoakany tamin'ny fahamarinana ara-Baiboly, mikasika ny maha-Andriamanitra, ny batisa, ny Fanasan'ny Tompo sy ireo fampianarana rehetra. Voambara manontolo ny tolo-tsain'Andriamanitra, ary nitoriana manerana izao-tontolo-izao ny hafatra ara-Baiboly madiodio, mba iantsoana ireo tena mpino marina hivoaka, ka hatokana ary homanina ho amin'ny **andro be vonibnahitry ny Fiverenan'i Kristy** (*Jaona 14:1-3; 2 Kor.6:14; 1 Tes.4:13-18*).

Toy ny nakan'i Elia ireo vato roambinifolo araka ireo fokon'Isiraely roambinifolo, sy namerenany ny alitaran'Andriamanitra, ary nanangonany ny vahoakan'Andriamanitra mba hanapahan'ireo ny heviny teo amin'ny havoana Karmela (*1 Mpanj.18:17-40*), ato amin'ny androntsika izao, fotoana manan-danja ao amin'ny tantaran'ny Famonjena, dia naverina eo amin'ny fitoeranjiro ny fampianaran'ireo apostoly roambinifolo, naorina indray ny Fiangonana eo amin'ny fototra voalohany an'ny apostoly, ary **antsoina ny tsirairay hanapakevitra: «Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo? Raha Jehovah no Andriamanitra, manaraha Azy; fa raha Bala kosa, dia manaraha azy.»** (1 Mpanjaka 18:21)

Fampitandremana farany

Ankehitriny ireo teolojiana rehetra dia mahafantatra fa mpaminany nampanantenaina i Jaona mpanao batisa (*Isaia 40:3; Mal.3:1*), izay namboatra ny lalan'ny Tompo, teo anoloany, saingy ireo mpanoradalàna nitsipaka azy, ka nanafoana ny sitrapon'Andriamanitra taminy: **«Fa ny Fariseo sy ny mpahay lalàna kosa nandà ny fikasan'Andriamanitra, satria tsy mba nanatona hataon'i Jaona batisa izy.»** (Lioka 7:30). Izay nitranga taloha ve mbola miverina indray ankehitriny? ao amin'ny Lioka toko 19, dia nitomany mihitsy ny Mpamonjy ary niteny hoe: **«...ho valin'ny tsy nahafantaranao ny andro namangiana anao.»** (And.44). Ireny olona izay mandà tsy hino ara-Baiboly ireny, ka tsy manaiky atao batisa araka ny Baiboly

ireny ve, tsy mitsipaka koa ankehitriny **ny sitrapon'Andriamanitra ny amin'ny famonjena?** —Tsy isalasalana. Tsy ampy ny mitanisa amin'ny fo mahitsy ireo teny nolovana tamin'ny razana, ao amin'ny “Rainay izay any an-danitra”, hoe «...*ho tonga anie ny Fanjakanao, hatao anie ny Sitraponao.*», raha ianao tsy mikasa akory ny hanao ny **sitrapon'Andriamanitra, izay tsy voambara afa-tsy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ihany.**

Tsy miverina amin'ny androntsika izao ve ny nolazain'ny Tompo fahiny, hoe: «*Lozanareo, mpahay lalàna! satria nalanareo ny fanalahidin'ny fahalalana; ianareo tsy niditra, ary izay te-hiditra dia nosakananareo.*» (Lioka 11:52)? Tsy samy manangana ny fanjakany avy ve izy ireo, ny fiangonany manokana avy? Tsy samy manao ny programany avy ve izy ireo? Ahoana ny amin'ireo izay efa tafavoaka ireo reformasiona aza, kanefa mbola mitory ny filazantsarany manokana ihany, anisan'izany ny hetsika pentekotista?

Ilay fiangonana maneran-tany dia mikatsaka amim-pikirizana mafy ny fampiraisana ireo antokom-pivavahana kristiana rehetra, ary amin'ny farany dia ny hanambatra ny fivavahana rehetra ho eo ambanin'ny filoha iray amin'ny maha fahefana maneran-tany azy; ary ny iankinany amin'izany, dia ny Jaona toko faha 17: «...*mba ho iray ihany izy rehetra!*». Ny Pàpa François dia nifona tamin'ny mpino hafa finoana rehetra izay nohenjehin'ny fiangonana katolika tany aloha rehetra tany, nanomboka tamin'ireo *Vaudois* ka hatramin'ireo Pentekotista. Eny, tsy izay mampisaraka intsony no jerena, fa izay mampiray, ny fanekem-pinoana amina “Andriamanitra iray misy persona telo”. Ampioanana ny jobilin'ny faha 500 taona an'ny Reformasiona, ny taona 2017, dia ny fampiraisana ireo fiangonana no tsy maintsy laharam-pahamehana voalohany.

Ahoana ny amin'ny fampiraisana ireo mpino ara-Baiboly rehetra amin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'i Jesosy-Kristy Tompontosika, amin'ny maha Lohan'ny Fiangonana Azy?

Iza, amin'ireo mpiandraikitra asa misionera kristiana marobe ireo, anisan'izany ireo mpitoritenin'ny Filazantsaran'ny fahombiazana, malaza maneran-tany, sy ireo mpihaino an-tapitrisa maro, no tena miomana amin'ny Fiverenan'i Kristy izay efa antomotra? Ny fiantsiana mitodika amin'ny tsirairay manokana, ankehitriny dia hoe: Miverina amin' Andriamanitra! Miverina amin'ny fiandohana! Miverina amin'ny

Teny izay nivoaka tao Jerosalema, izay mitoetra mandrakizay! **Iza no hiandany amin'Andriamanitra, tsy handray afa-tsy ny Teny ho zotra tokana, ary tsy hanaiky marimaritra iraisana na tokana aza?**

Tsy maintsy nihiaka Isaia hoe: *«Iza no nino ny teny nampitondraina anay? Ary iza no nampisehoana ny sandrin'i Jehovah?»* (Isaia 53:1) Paoly ihany koa dia nahatsapa fa: *«... tsy izy rehetra no nanaiky ny teny soa mahafaly. Fa hoy Isaia: Jehovah ô, iza no nino ny teny nampitondraina anay?»* (Romana 10:16). Iza no afaka hino toy ny voalazan'ny Soratra Masina? Iza no manaja ny Tenin'Andriamanitra, ka mba manaiky ahitsy? Afaka malalaka ny tsirairay, hanapa-kevitra ho an'ny tenany, na hijanona ho voafatotry ny fanekem-pinoana iray tsy misy fototra ara-Baiboly, **na handray ny tena fanekem-pinoan'ireo apostoly sy mpaminany.** Tsy mahaso ny mitetitety fivavahana, mitetitety fiangonana. Ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny maha Voa Azy (*Lioka 8:11*) no tsy maintsy voaray ao am-po, ary tsy maintsy mitondra fiainam-baovao mandrakizay, amin'ny alàlan'ny fahateraham-baovao (*Jaona 3 ;7; 1 Pet.1:23*). Zavatra tena hentitra izao, ary isika dia tsy maintsy mandray ny fanapahan-kevitra izay hidirantsika ao amin'ny mandrakizay.

Ireo rehetra mahita sitraka amin'Andriamanitra dia samy mandini-tena, ahitany na mifanaraka amin'izay voalazan'ny Tompo izy: **«Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.»** (Jaona 4:23-24). Izay tsy tena mivavaka ao amin'ny Fanahin'ny fahamarinana, araka ny Tenin'ny fahamarinana, dia mivava-poana amin'Andriamanitra. **«Ity firenena ity manaja Ahy amin'ny molony; fa ny fony kosa lavitra Ahy, koa foana ny ivavahan'ireo amiko, raha mampianatra ny didin'olombelona ho fampianarana izy.»** (Matio 15:9; Marka 7:6-7)

Mba hamaranana, dia tsy maintsy tsipihana indray mandeha koa fa: ny tena fanekem-pinoana, ny tena fampianarana marina dia ao amin'ny Baiboly, ary isika tsy maintsy mandini-tena eo anoloan'Andriamanitra, ahitantsika na manaiky an'i Jesosy-Kristy ho Lohan'ny Fiangonana isika, ka miverina amin'ny fampianaran' ireo apostoly, izay nivoaka tao Jerosalema, na isika miziriziry mitoetra ao amin'ny fampianarana nipoitra tao amin'ny fiangonam-panjakana tao amin'ny Fanjakambe

romana. Ekentsika amin'ny lafiny rehetra ve ny Tenin'Andriamanitra, ary Izy ihany, sa isika miziriziry ao amin'ny fombam-pivavahana ara-drazana? Mitodika amintsika rehetra ny fampitandremana: **«Anio, raha hihaino ny feony ianareo aza manamafy ny fonareo»** (Hebreo 4:7). **Izay manan-tsofina aoka izy handre izay lazain'ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny rehetra ao amin'ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy! Impito izany no voasoratra ao amin'ny Apokalypsy** (*Toko faha 2 sy 3*)

Tanteraka ireo faminiana ho an'ny andro farany

Isika rehetra ambonin'ny tany dia mahatsapa fa miova ny zavatra rehetra; ny fanambadiana, ny ankehonana, ny fiaraha-monina dia tsy toy ny taloha avokoa intsony. Ny fisondrotry ny hafanan'ny planeta sy ny fiovaovan'ny vanin'andro dia mahatratra teboka mampatahotra. Miha maro sy miha mahery ireo loza voajanahary. Velona ahiahy ny amin'ny hoaviny ny olona noho ireo korontana eran'izao-tontolo-izao. Mihamaro hatrany ireo toerana "mafana", indrindra ao *Proche* sy *Moyen Orient*. Izao-tontolo-izao mihitsy no mangotraka. Vokatry izany dia misy olona an-tapitrisa no milefa mitsoa-ponenana. Mitady vahaolana ireo fitondram-panjakana, saingy efa mihoatry ny efany ireo zava-mitranga.

Ao amin'ny Matio 24, sy Marka 13, ary Lioka 21, sy andalana hafa koa, ny Tompontsika dia niresaka mikasika ny zavatra hiseho mialoha ny Fiverenany, ary hitantsika tanteraka ireny zavatra ireny. Ireo zavatra rehetra tsy maintsy hitranga amin'ireo andro farany, izay tsy ho vitantsika halalinina eto, dia efa voambara mialoha tao amin'ny faminiana ao amin'ny Baiboly avokoa. Nalefa ny hafatra iray farany, antso iray farany, ahafahan'ny zanakolombelona hanao ny safidy tsara eo anatrehan'Andriamanitra.

Torina amin'ny firenena rehetra ankehitriny ny Filazantsara mandrakizay, mba ho vavolombelona, toy ny efa nambaran'ny Tompo, hoe **«Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany.»** (Matio 24:14). Isika izao dia efa tena antomotry ny Fiverenan'i Kristy izay nampanantenaina (*Jaona 14:1-3*). Manaporofa izany ireo famantarana ny andro farany rehetra ireo. Koa, ireo izay maniry marina ny hino ara-Baiboly, dia tsy maintsy mandao ny làlany manokana, ary mitady ny làlana mankany amin'Andriamanitra. Ny

Tompo mihitsy no niteny, ao amin'ny Lioka 21:28, hoe: **«Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandra, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo.»**

Raha hamarana ity famelabelarana ity, dia tsy mety raha tsy manao fanentanana farany avy amin'ny Baiboly, ho an'ireo izay matahotra Andriamanitra, izay mino ny Tenin' Andriamanitra:

«Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin'ny tsy mino. Fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fahotana? Ary inona no iombonana'ny mazava sy ny maizina?

Ary inona no ifanarahan'i Kristy sy Beliala? Ary inona no iraisan'ny anjaran'ny mino sy ny tsy mino?

Ary inona no ikambanan'ny tempolin'Andriamanitra amin'ny sampy? Fa isika no tempolin'Andriamanitra velona, araka ny nataon'Andriamanitra hoe: Honina eo aminy sy handeha eo aminy Aho, ary izy ho oloko. Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, Ary aza manendry izay zavatra tsy madio; Ary Izaho handray anareo.

Ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho zanako-lahy sy ho zanako-vavy, hoy Jehovah Tsitoha.» (2 Korintiana 6:14-18)

«Ary nahare feo iray koa avy tany an-danitra aho nanao hoe: Mialà aminy ianareo, ry oloko, mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary mba tsy hisy hahazo anareo ny loza manjo azy.» (Apokalypsy 18:4)

«Ary ankehitriny, anaka, tomoera ao aminy, mba hananantsika fahasahiana, raha hiseho Izy, ka tsy ho menatra eo anatrehany amin'ny fihaviany.» (1 Jaona 2:28)

«Ary, Indro, avy faingana Aho; sambatra izay mitandrana ny tenin'ny faminiana amin'ity boky ity.» (Apokalypsy 22:7)

«Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona.» (Lioka 21:33)

**„Raha ny Teninao tsy hanan-kery intsony
Inona àry no hiankinan'ny finoako
Tontolo an-tapitrisa tsy misy dikany amiko
Afa-tsy ny mampihatra ny Teninao.“**

(N.L Comte de Zinzendorf)

Raha te-ahafantatra misimisy kokoa ianao amin'izay efa nataon'Andriamanitra, sy izay mbola ataony amin'ny androntsika izao, dia mifandraisa fotsiny amin'izao rohy izao:

Mission-Zentrum
Postfach 100707
D-47707 Krefeld
Germany

E-Mail: volksmission@gmx.de
Homepage: <http://www.freie-volksmission.de>